


# FANONTANIANA SY VALINY

 Tsy fantatro hoe aiza. Izy ireo—izy ireo angamba, angamba, mety diso fanoratra azy izy ireo. Izao no voalaza hoe, “Isaia 4:24.” Ankehitriny, ny Isaia 4 dia manana andininy enina fotsiny ihany ao anatiny, noho izany aho dia. . . ary tsy fantatro na Isaia 5:24 no tianao lazaina. Izao no voalaza hoe, “Inona no dikan’ily Soratra, ary rahoviana no hiseho izany, Isaia 4:24?” Ary ny Isaia 4 dia manana andininy enina. Raha afaka ianao. . . Na iza na iza nanoratra azy, raha afaka hieritritra ianao ankehitriny, angamba, ary hamerina hanoratra azy indray, dia afaka ho azoko ilay izy, hitanao. Tsy fantatro fotsiny hoe aiza no notondroinao, “Isaia 4:24, inona no dikan’ily Soratra ary rahoviana no hiseho izany?”

<sup>2</sup> Ankehitriny, tsy hihazona anareo ela aho. Izaho dia manana ny. . . eny àry, misaotra anao, rahalahy. Ary izaho dia manana—manana toerana haleha aho, ary ity. . . Fantatrarao, nieritritra aho, nanana soratra iray aho teto, na, miala tsiny aho, taratasy iray avy amin’Atoa. Baxter. Ary alohan’ny hanombohantsika ny fotoana izao maraina izao, eo amin’ity, izaho dia—tiako ianareo mba—mba hivavaka hiaraka amiko vetivety fotsiny.

<sup>3</sup> Izaho—nivoaka avy tamin’ireo fivoriana aho niaraka tamin’ny fikasana tena tsara indrindra handeha any—amin’ny fivoriako any ampitan-dranomasina, ao anatin’ny andro vitsy manaraka fotsiny. Ankehitriny dia mahazo taratasy iray avy amin-dRahalahy Baxter aho, Rahalahy Cox no namaky an’izany ho ahy teo amin’ny telefona omaly hariva ary nomeny ahy ilay izy izao maraina izao, hoe miezaka izy ireo ny hanemotra an’izany indray ankehitriny, indray. Ary izaho tsy—tsy fantatro raha i Satana no miezaka mihazona ahy na Andriamanitra no miandry fotsiny ny fotoana ho mety. Izaho—tsy fantatro. Tian’izy ireo ny hanemotra kely an’izany, ary nanohy nanemotra an’izany fotsiny izy ireo hatramin’ny Oktobra. Oktobra, Novambra, Desambra, Janoary, efa ho efa-bolana ankehitriny no nanemoran’izy ireo an’izany.

<sup>4</sup> Ary ankehitriny dia tonga ilay fahitana, eto izany voasoratra ato amin’ny Baiboly marina tokoa hoe inona no hiseho; fa rahoviana, tsy fantatro. Ankehitriny, niteny tamin’ny olona fotsiny aho (tamin’ny finoana tsara) an’izay notenenin’izy ireo tamiko, mba ho vonona mandritr’izany fotoana izany.

<sup>5</sup> Ankehitriny dia mihevitra ny olona fa, mino aho, hoe tsy mahitsy fo fotsiny aho mikasika an’izany, “Oh, inona. . . rahoviana izy no haka. . . Rahoviana izy no handeha?”

<sup>6</sup> Fa rehefa mahazo an’ireto taratasy ireto aho ka miteny amiko izy ireo hoe, “Eny, tsy mbola afaka manao an’ily izy

fotsiny ianao, misy an'ity tsy maintsy atao, ary ity tsy maintsy atao.” Amin'izay fotoana izay aho dia tsy... Izaho—mahatsapa ho ratsy aho, miatrika ny vahoaka. Tsy fantatro izay hatao. Fa zavatra iray, izao no hataoko, ary ianareo rehetra miaraka amiko; hapetrako amin'Andriamanitra izany, ka manao hoe, “Ankehitriny, Tompo, rehefa vonona Ianao, dia vonona aho.” Hitanareo? Ary raha izaho fotsiny...

<sup>7</sup> Indraindray dia ireo fiangonana no tsy milamina, ankehitriny ilay izy dia ireo visas na zavatra hafa. Fantatrarao, misy zavatra tahaka an'izany fotsiny. Mety ho i Satana no miezaka manao an'izany. Noho izany raha mivavaka isika izao maraina izao... Ary isaky ny mivavaka ianareo mandritra ny herinandro, ianareo—mivavaha ho ahy ianareo ary mangataha amin'Andriamanitra mba... Raha Satana ilay izy, mba handroaka azy hiala amin'ny lalana. Hitanareo? Ary raha izany no—ary raha ny Sitrapony izany, dia hazony eto aho. Hitanareo? Izy no mahafantatra marina tokoa an'izay hatao. Mety misy zavatra hafa izay Afindrany, hanao an'ilay sary ho tsara. Tsy te-hialoha Azy mihitsy aho. Oh! Rehefa manao an'izany ianareo, dia mahatsiravina izany. Hitanareo? Noho izany aho—tsapako fotsiny fa ilay izy dia... fa—fa izany dia mety... Tsy fantatro izay holazaina, satria tsy fantatro.

<sup>8</sup> Tahaka ny rahalahy malalantsika fotsiny, George Wright. Maro aminareo no mahafantatra ny toerany, sa tsy izany? Ary fantatrarao fa nandao azy ireo dokotera, hoe izy dia natao ho faty herinandro lasa izay, na mihoatra, hitanareo, Rahalahy George Wright. Nandeha aho mba hijery azy, ary rehefa tany aho dia nivavaka sy nivavaka tso-po arak'izay fantatro hoe ahoana no hivavahana ho azy. Ary avy eo tonga tany an-trano dia nanontany aho hoe inona no hiseho. Ary afaka andro vitsivitsy, eny, izaho—nahazo fahitana iray aho ny Alatsinainy maraina lasa, ary miandry...

<sup>9</sup> Ankehitriny, misy ny—misy vehivavy iray izay nivavahako tratry ny homamiadana, ary nahita azy nitsangana aho ary izy—izy dia... Nodidian'izy ireo izy, feno homamiadana fotsiny izy, naveriny nozairina fotsiny izy. Hitanareo? Fa ho velona izy. Fantatro izany.

<sup>10</sup> Fa, ankehitriny, Rahalahy George Wright, tsy mazava no nahazoako an'ilay fahitana. Tonga aho... Io fahitana iray io ihany, nivoaka aho ary nahita ny—ny toerany, ny tranony. Ary eo amin'ny ilany havia an'ilay trano izay misy an'ireo hazo mijoro any, ha—hazomalahelo iray, teo ambony teo mihitsy no nahitako baingan-tany vitsivitsy, saika goavana tahaka ny totohondriko, nikodiadia. Ary reko ilay Anjely izay nitsangana teo anilako, nilaza zavatra mikasika fasana iray sy Rahalahy George.

<sup>11</sup> Ankehitriny, na izany ilay izy, hoe izany no fasan-dRahalahy George izay nangadian'izy ireo, na ilay izy amiko dia toa...

Ankehitriny, tsarovy ankehitriny, tsy hilaza an'ity aho...ary satria mino aho fa isika dia manana rafitra P.A. iray mandeha manerana eto, na rafitra fandraisam-peo, raha ny marina. Fa ankehitriny dia tiako ny hanao azy hazava, tahaka ny nataoko tamin'izy ireo, heveriko fa ilay izy dia io . . .

<sup>12</sup> Nisy andian'olona nihomehy azy tany satria mino izy fa hanasitrana azy Andriamanitra rehefa avy nilaza ilay dokotera hoe, “Marary izy. Eny, tsy afaka izy, hitanareo, ny rà mivaingana dia lasa nankao amin'ny havokavony, ary nandrora rà, sy ny zavatra hafa rehetra.” Hoy izy hoe, “Ny vongana kely voalohany mandeha ao amin'ny fony na ny lohany fotsiny, dia hampahalemy azy izany na hamono azy.” Hitanareo? Ary roa amby fitopolo taona izy, mihoatra ny fotoana voatsinjara.

<sup>13</sup> Fa mino aho fa izany ilay izy, hoe hangady ny fasan'ny sasany amin'ireo izay nihomehy azy izy, hangady an'ilay fasana. Ary ankehitriny, tsy fantatro hoe mpangady fasana iray izy tamin'izany, fa izany izy. Izaho, hitanareo, rehefa nieritreritra an'izany aho, tena mangady fasana izy, izany no ataony. Ary toy ny hoe nisy zavatra mikasika ny fasana iray sy mangady fasana iray, na—na zavatra tahaka an'izany, ary Rahalahy George Wright.

<sup>14</sup> Nangataka tamin'ny Tompo aho ankehitriny, nandritra ny teo amin'ny alina efatra teo, mba hamerina an'izany amiko indray raha ho Tiany. Tonga izany teo amin'ny fito na valo ora indray maraina. Noho izany dia matoky aho fa Hataony mazava izany. Fa tena mino amin'ny foko rehetra aho...Ankehitriny, izany fotsiny dia hoe marina ny ahy rehefa nilaza aho fa hangady an'ilay fasana ho an'ny sasany amin'ireo izay nihomehy azy izy, raha azoko mazava ilay izy. Saingy tsy azoko antoka loatra izany. Ilay izy dia zavatra mikasika ny fangadiana fasana iray, ary Rahalahy George Wright. Heveriko fa tsy maintsy nangady ny fasan'olona iray izay nihomehy azy izy.

<sup>15</sup> Ankehitriny, Andriamanitra dia fitiavana, ary, oh, tiantsika amin'ny fonsika rehetra fotsiny izy.

<sup>16</sup> Ankehitriny, izao maraina izao dia tsy te-haka be loatra amin'ny fotoantsika isika eto eo amin'ireto fanontaniana ireto. Hamaly azy ireo amin'ny tsara indrindra amin'ny fahalalako aho. Ankehitriny, ry sakaiza, mety manao fahadisoana betsaka aho eo amin'ireto zavatra ireto. Izaho fotsiny dia—olona iray fotsiny tahaka ny sisa rehetra amintsika aho. Ary Rahalahy Neville, na ny iray amin'ireto mpitoriteny hafa ireto, sy ny sisa, dia afaka hamaly azy ireo mitovy amin'izay ahafahako mihitsy. Saingy, manao an'izao aho ho an'ny tanjona iray, mba hahitana kely an'izay ao am-pon'ny olona.

<sup>17</sup> Noho izany raha mahita efatra na dimy aho misintona eo amin'ny zavatra anankiray, amin'izay fotoana izay dia mieritreritra aho hoe, “Ah-oh, eto isika izao. Aiza, fantatro hoe

aiza no misy anareo ankehitriny, fanontaniana kely vitsivitsy ao amin'ny fiangonana.” Ary ankehitriny ndao hadinointsika fotsiny ny mikasika an'ireo—ireo fanontaniana kely. Ary ny zava-dehibe ambonin'ny zavatra rehetra dia ny mihazona ny fiangonana ao amin'ny firindrana sy ao amin'ny fitiavana an'Andriamanitra, ka mandroso, raha afaka mino isika rehetra fa ny Ràn'i Jesosy Kristy no manadio antsika ho afaka amin'ny fahotana sy ny tsi-fahamarinana rehetra. Raha ilay vehivavy mipetraka eo anilanareo, na ilay lehilahy mipetraka eo anilanareo, raha tsy mino izy fa Jesosy dia—dia ho lasa hita maso indray tokoa, dia ndao fotsiny isika hifanaraka mi-... handroso avy hatrany na ahoana na ahoana. Tsy mifanaraka aminy isika mikasika ny Soratra. Fa ndao isika hanao ny fiangonana handroso ho an'ny firindrana, satria ao anatin'ny ahoana hahazoantsika olona vitsivitsy amboniny. Fa rehefa tsy mirindra ny fiangonana, amin'izay fotoana izay ianareo—mandratra ny fiangonana ianareo, avy eo dia mandratra an'ilay antony. Ianareo... ilay izy fotsiny dia... tsy afaka manao an'izany fotsiny ianareo. Fa rehefa afaka mifanaraka eo amin'ny zavatra anankiray isika, hoe ny Ràn'i Jesosy Kristy no manadio antsika ho afaka amin'ny fahotana rehetra (marina izany) ary lasa ny fahotana, amin'izay fotoana izay dia tena akaiky ny làlana mody isika amin'izay, Rahalahy Neville. Rehefa ny Rà, rehefa isika no Rà-... .

<sup>18</sup> Manana rahalahy iray aho, mpiray rà izahay. Fa, oadray, toy ny ahoana no tsy ifanarahanay; oh, mahatsiravina. Saingy, na izany aza, dia mpirahalalahy izahay.

<sup>19</sup> Ankehitriny, nieritreritra an'ity herinandro ity aho, herinandro ho avy, raha tsy nandeha tany ampitan-dranomasina aho, angamba... Tonga Rahalahy Cauble, ary te-hanomboka asam-pitoriana iray any Louisville izy, ary te-hahazo ny Armory izy izay nanaovanay ny asam-panasitranana kely tany indray hariva. Ary nanao zavatra mahagaga maromaro ny Tompo. Ary noho izany... Fa avy eo dia hitako fa ireo rahalahy avy any Del Rio, Texas, Jessup mirahalalahy, dia manana fivoriana iray any Louisville ary manana ny mpandaha—teniny tsara indrindra izy ireo any ho an'ireo herinandro ho avy manaraka ireo. Ary nilaza fa tsy fantany fotsiny hoe rahoviana izy no hiala. Charles, mino aho fa izay ilay izy, izany no hisy any amin'ity herinandro manaraka ity, ary tsy hanomboka fifohazana iray tokoa aho na aiza na aiza nefa misy an'izany karazana asam-pitoriana izany mandeha.

<sup>20</sup> Ary manana asam-panasitranana iray koa izy ireo. Ary noho izany ilay asam-panasitranana dia ny tolakandro, io tolakandro io. Ary noho izany dia tsy te-hanomboka fivoriana iray aho nefa—nefa izy ireo manana fivoriana iray any, satria fantatro ny atao hoe any ho any ary izany fotsiny... Oh, fantatrareo, raha manao fivoriana iray aho ka misy olona iray mitsangana

ary manomboka fivoriana kely iray tahaka an'izany. Toa tsy tsara fotsiny izany, tsy manome azy an'ilay toerana tsara izany, fantatrarero. Noho izany dia hiandry aoriana kely fotsiny isika, angamba hanampy antsika ny Tompo. Hanampy antsika Izy, na ahoana na ahoana, ary noho izany dia mino fotsiny isika sy mihazona ary ho mahatoky amin'Andriamanitra.

Ankehitriny dia hivavaka isika:

<sup>21</sup> Ray, any An-danitra, aoka ireo Fitahianafo hamiratra eo aminay ankehitriny raha mandroso aho hamaly an'ireto fanontaniana ireto. O Andriamanitra, izao fotsiny... Misy ny sasany amin'izy ireo eto izay tsy mbola nojereko mihitsy akory aza, fa roa na telo fotsiny ihany no—no voavakiko vao teo mihitsy. Mivavaka aho, Ray, mba Hanampianafo ahy sy hanomezanafo ahy fahendrena sy fahazoana, mba hitenenako fotsiny ihany an'izay marina. Ekeo izany, Ray. Ary enga anie aho hanana Ny Fahendrenafo ary enga anie ny Fanahy Masina hidina izao ankehitriny izao ka hanaiky ny fahendrena izay ilaina. Tahio miaraka izahay androany, Tompo, dia ity vondrona kelin'ny tabernakla eto ity.

<sup>22</sup> Tahio ny rahalahy tena malalanay, Rahalahy Neville, eto, Ray, miasa mafy izy, mpiandry ondry iray eto amin'ny sahan-kijana, izay—izay miezaka mitarika ny ondry ho eo amin'ny ahi-maitso sy ireo kodiadiam-borona matevina, na ao anaty rano ary avy eo dia miverina eo amin'ny hazo malomaloka, ary mikarakara ny marary sy ny manana ilaina sy ireo kilemaina ary ireo izay reraka ka miezaha mitsabo azy ireo sy mitondra azy ireo, mba ho tena ondry izy ireo. O Ray, mivavaka aho mba Hitahianafo azy. Omeo fahendrena sy fahalalana ary fahazoana izy.

<sup>23</sup> Ary ampio izahay rehetra miaraka ankehitriny, Ray, ary homenay Anao ny dera. Amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

<sup>24</sup> Ankehitriny, amin'ny sasany amin'ireto eto ireto, dia hanao azy ireo aho, naraikitro fotsiny izy ireo tao amin'ny ampahan'ny Soratra izay izy ireo—izay nisy azy ireo. Ary ankehitriny isika dia hanomboka fotsiny amin'ny sasany, ary mamaly avy hatrany mandra-pahafahantsika hahavita—hahavita maro arak'izay azontsika atao. Ary mino aho fa afaka mahavita azy rehetra isika, ary somary hitandrina aho eto mba ahafahantsika hivoaka aloha.

<sup>25</sup> Ny zavatra voalohany dia fanontaniana iray fotsiny, fanontaniana mahitsy iray fotsiny:

## **8. Natao batisa aho tamin'ny fahatelo ambin'ny folo taona. Tokony hatao indray ve aho?**

<sup>26</sup> Ankehitriny, izany dia fa—fanontaniana kely iray tsara apetraka izany. Eny, ankehitriny, ry sakaiza, avelako ho an'ilay olona foana izany.

27 Tsarovy, tsy fantatro... Misy anankiray izay tena fantatro izay nanoratra azy, izany dia ity anankiray eto ity mihitsy, ary ilay lehilahy izy tenany no nanolotra azy ho ahy. Ary nametraka fanontaniana iray tamiko ny olona iray etsy aoriana etsy izay tokony hovaliako, ary tsy nataony teo amin'ny taratasy mihitsy izany, dia hoy aho hoe, "Raha manana fotoana ampy aho aorian'ireto eto ireto dia ho valiako izany."

28 Fa ankehitriny ity eto ity, "Izaho ve tokony...Izaho ve efa..."

**Natao batisa aho tamin'ny fahatelo ambin'ny folo taona.  
Hatao batisa indray ve aho?**

29 Raha efa Kristiana iray ianao hatramin'izay, hatramin'ny ianao telo ambin'ny folo taona, mpino iray an'i Kristy, izaho—hijanona tahaka anao fotsiny aho. Tsy hanao aho ankehitriny, raha efa nitahy anao Andriamanitra ka nanome anao ny Fanahy Masina hatramin'izay.

30 Ary ny batisa dia e—e—endrika iray fotsiny, izany fotsiny dia ny—ny hanehoana amin'izao tontolo izao (na ny fiangonana misy anao—iarahanao tamin'izany fotoana izany) hoe ianao, eo anatrehan'ny vavolombelona, dia manaporofa fa efa nino ianao fa Andriamanitra dia naniraka Ny Zanany ary maty Izy ka nitsangana indray tamin'ny andro fahatelo, ary nalevina tao Aminy ianao ary efa nitsangana mba handeha ao amin'ny fanavaozana ny fiainana. Ary ireo olona nijery anao ireo ihany fony ianao natao batisa no hihaona aminao ao amin'ny Fitsarana. Hitanao?

31 Ary noho izany, raha misy olona iray (vahiny) manao hoe, "Ianao ve izany?"

32 "Eny, izaho dia efa natao batisa tamin'ny...tao amin'ny fahafatesana sy ny fandevenana ny Tompoko."

33 Hitanareo, heveriko fa ny batisa...Oh, tena milaza aho fa zava-dehibe izany, tsy te-hilaza aho hoe tsy zava-dehibe izany. Fa tena zava-dehibe izany satria izany dia... ny Didin'Andriamanitra tsirairay dia zava-dehibe. Tsy mihevitra tahaka an'izany ve ianareo? Zava-dehibe ny tsy maintsy anaovana batisa antsika. Jesosy dia nanome an'izany fanambarana izany ao amin'ny Masindahy Matio, na Masindahy Marka 16, hoy Izy hoe, "Mandehana any amin'izao tontolo rehetra izao ary mitoria ny Filazantsara, izay mino sy atao batisa no hovonjena." Ary raha niresaka tamin'i Nikodemosy Izy, dia hoy Izy hoe, "Raha tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy ny olona dia tsy hiditra na oviana na oviana." Hitanareo? Tsy maintsy atao batisa izany. Mino ny fandentehana aho, amin'ny batisa, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo, ary hatsangana indray amin'ny fanavaozana ny fiainana, handeha arak'ireo Didin'Andriamanitra.

34 Fa, hoy ianareo hoe, “Rahalahy Bill, efa mba namerina nanao batisa olona iray ve ianao, izay efa natao batisa fony izy ireo mbola ankizy kely ary avy eo dia natao batisa indray?” Imbetsaka.

35 Misy—misy Soratra iray ao amin’ny Apokalypsy, ny toko faha-2, miresaka amin’ny fiangonana, hoy Izy hoe, “Mibebaha ary ataovy indray ireo asanao voalohany.” Ary maro amin’izy ireo no mandika an’io Soratra io mba hilazana an’izao, hoe izany dia midika fa tsy maintsy miverina avy hatrany ianareo ka manao an’ilay zavatra iray ihany indray. Eny, raha hahamarika ianao, ry sakaiza Kristiana malala . . .

36 Ankehitriny, tsy hoe tsy mifanaraka amin’ity aho ankehitriny, hitanao, satria nofenoinay ny batistera. Vonona izahay ny hanao batisa ny olona rehetra izay te-hatao batisa amin’ny fotoana rehetra. Fa tsy hoe tsy mifanaraka izahay. Raha te-hatao batisa ianao, raha izany no zavatra izay mitsangana eo amin’ny lalanao ka tsapanao fa tokony hatao ianao, dia mandehana ataovy ilay izy. Marina izany. Mandehana ataovy ilay izy. Aza mamela na inona na inona hitsangana eo amin’ny lalanao, ataovy mazava tanteraka ny tenanao.

37 Ohatra fotsiny raha—raha naka zavatra ianao, taona maro lasa izay, ary tsapanao fa tokony handeha hanitsy an’izany ianao, dia mandehana ahitsiho izany. Tsy mampaninona na inona ilay izy. Tehirizo hazava ny zavatra rehetra. Satria ho tonga eo amin’io zavatra io ianao, ary tsy afaka handeha lavitra kokoa intsony mandra—panalanao an’izany amin’ilay lalana, hitanao. Tsy maintsy manaisotra ny enta-mavesatra rehetra sy ny zavatra mora mahazo anao ianao.

38 Ary raha te-hatao batisa indray ianao, dia mandrosoa, izany no zavatra hatao. Efa namerina nanao batisa maro aho.

39 Fa ankehitriny ny Soratra izay tondroinao, dia tsy miresaka amin’ny isam-batan’olona iray izany, ho an’ny fiangonana iray izany. Hitanao, ny fiangonana, izay nataon’izy ireo, nahavery ny fitiavany voalohany izy ireo, hitanao, ilay tena hero-dronono izay nananan’izy ireo tany amin’ny voalohany mihitsy. Ary hoy Izy hoe, “Raha tsy mibebaka ianao ka hanao an’ireo asa voalohany indray,” manomboka avy hatrany indray ary manao an’ilay zavatra. Miresaka amin’ny fiangonana Izy, “Raha tsy mibebaka ianao ka miverina indray,” eny, amin’izay fotoana izay, dia hamindra ny fanaovan-jiro Izy.

40 Fa raha te-hatao batisa ianao, ary efa natao batisa fony ianao telo amin’ny folo taona, na firy taona, nahoana, ianao—aoka hatao batisa ianao raha izany no eo amin’ny lalanao.

41 Fa ankehitriny ny milaza fa ara-tSoratra no ahafahako hilaza hoe tokony hatao batisa indray ianao, dia fanao ara-tSoratra tokana ihany no azoko—azoko lazaina fa natao batisa indray ny olona. Soratra tokana ihany no misy ao amin’ny

Baiboly manontolo izay nanaovana batisa indray ny olona, ary izany dia ireo izay nataon'i Jaona Mpanao-batisa batisa talohan'ny nahatongavan'ny Fanahy Masina. Paoly, ao amin'ny Asa 19:5, dia niteny tamin'izy ireo fa tsy maintsy haverina hatao batisa indray amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy izy ireo, mba handraisana ny Fanahy Masina. Hitanao?

<sup>42</sup> Ankehitriny—ankehitriny, tsy mila atao batisa ianao mba handraisana ny Fanahy Masina, satria afaka mandray ny Fanahy Masina ianao rehefa mahitsy ny fonao. Hitanao? Satria, ao amin'ny Asa 2, Petera dia manome raki-pohy iray hoe—raki-pohy iray hoe “Mibebaha, ary aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ary ianareo handray ny fanomezan'ny Fanahy Masina.” Fa avy eo, ao amin'ny Asa 10:49, dia nitodika Andriamanitra ka nanome ho an'ireo Jentilisa ny batisan'ny Fanahy Masina talohan'ny hany nanaovana batisa azy ireo mihitsy. Hitanao? Noho izany, hitanao, ilay izy dia ny toetry ny fonao.

<sup>43</sup> Noho izany dia hoy Petera hoe, “Afaka mandrara ny rano ve isika, satria ireto dia efa nandray ny Fanahy Masina tahaka ny nandraisantsika azy tany amin'ny voalohany?” Hitanao? Koa noho izany izy—notereny izy ireo hoe tsy maintsy hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy izy ireo.

<sup>44</sup> Avy eo Paoly, ao amin'ny Asa 19, dia nanao hoe. . . Paoly, rehefa avy nitety ny morontsiraka ambony an'i Efesosy, dia nahita mpianatra sasany izy, ka hoy izy tamin'izy ireo hoe, “Efa nandray ny Fanahy Masina ve ianareo hatramin'ny ninoanareo?”

<sup>45</sup> Hoy izy ireo hoe, “Tsy fantatray na . . . tsy fantatray na misy ny Fanahy Masina.”

Hoy izy hoe, “Ho amin'ny inona no nanaovana batisa anareo?”

Natao batisa izy ireo. Hoy izy ireo hoe, “Natao batisa ho amin'i Jaona izahay.”

<sup>46</sup> Hoy izy hoe, “Jaona dia nanao batisa ho amin'ny fibebahana, milaza fa ‘Tokony hino an'Izay ho avy ianareo,’ dia Jesosy Kristy Tompo.” Ary rehefa nandre an'izany izy ireo, dia natao batisa indray tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Hitanao? Koa izany dia. . .

<sup>47</sup> Ankehitriny, amin'ity, izany dia. . . Fa ny filazana fotsiny fa natao batisa tamin'ny batisa Kristiana ianao tamin'ny fahatelo ambin'ny folo taona, ary efa niaina fiainana Kristiana ianao hatramin'izay, na raha niverin-dàlana nandritry ny fotoana vitsy ianao. . .

<sup>48</sup> Tsy fantatro izy ireo na manana ny. . . mikasika ny fiverenan-dàlana, nieritreritra aho hoe, “Maniry aho mba hisy olona iray handeha. . . tokony hanontany ahy an'izany.” Fa mikasika ny fiverenan-dàlana, tsarovy, fa miverin-



dàlana isan'andro ianareo, tsy misy fomba ahafahanareo miala amin'izany mihitsy. Eny àry. Fa miverin-dàlana ianareo ho an'ireo olona ao am-pian-..., fa tsy eo anatrehan'Andriamanitra. Hitanareo? Miverin-dàlana ianareo eo amin'i Kristy, fa tsy eo amin'Andriamanitra, satria, raha ianareo no, rehefa manota ianareo, dia vita ny aminareo. Fa lavo tsy ankitsahatra ianareo. Tsy maintsy maty isan'andro i Paoly. Marina ve izany? Tsy maintsy maty isan'andro izy, nibekaka isan'andro, ary nibekaka tsy ankitsahatra foana mihitsy. Hitanareo? Ary raha tsy maintsy nanao an'izany i Paoly, amin'izay fotoana izay aho dia tsy maintsy hanao an'izany, ihany koa. Ary ianareo? Marina izany. Noho izany isika...

<sup>49</sup> Fa ankehitriny, raha—raha efa raha efa navotana ianao ka tsapanao fa ny—ny Ràn'i Jesosy Kristy no nanadio anao ho afaka amin'ny fahotana, amin'izay fotoana izay aho—aho... ary efa niaina fiainana Kristiana iray ianao, izaho—tsy hihevitra aho fa ho ilaina izany. Fa raha te-hanao ianao, mety tsara, ho tsara izany, ho faly izahay hanao an'izany.

<sup>50</sup> Ankehitriny dia ity misy naoty kely iray izay nomen'ny olona iray ahy ery aoriana ery:

**9. Inona no toerana hisy ny fiangonana rehefa miverina any amin'ny Jiosy ny Filazantsara?**

<sup>51</sup> Ankehitriny, ilay olona izay nanao an'ity, dia nanondro an'i Lioka eto, ilay... Izy—niteny tamiko izy, ny rahalahintsika, fa izy dia nanondro eo amin'izay voalaza hoe, “Ireo—hanitsaka ny mândan'i Jerosalema ireo Jentilisa mandra-pahatapitry ny fizaram-potoan'ny Jentilisa.” Ao amin'ny Lioka 21:24 izany. Henoy tsara ankehitriny fa mety hamaly an'izany ity. Fanontaniana mahafinaritra! Mahafinaritra!

*Ary raha mahita an'i Jerosalema voahodidin'ireo tafika ianareo, amin'izay fotoana izay dia fantaro fa akaiky ny fandravàna azy.*

<sup>52</sup> Ankehitriny, ndao isika hahazo tsara an'ity ankehitriny. “Akaiky ny fandravàna rehefa mahita an'i Jerosalema voahodidin'ireo tafika ianareo.” Ankehitriny, efa nisy fisavorovoroana betsaka mihitsy eo, tamin'ireo olona tao amin'ny... Fa atòny amin'ny fomba fijery ara-tantara izany miaraka amin'ny Baiboly.

<sup>53</sup> Ankehitriny, ireo rahalahy Adventista, ireo rahalahy Adventista an'ny andro Fahafito, izy ireo dia mino fa—fa ho voahodidin'ireo tafika indray i Jerosalema. Eny, ankehitriny, mety ho marina izany, satria matetika dia manana dikany mifangaro ny Soratra.

<sup>54</sup> Ary firy no mahafantatra fa ny Soratra dia manana dikany mifangaro ho an'ny faminiana rehetra? Azo antoka fa manana! Eny, tempoko. Hilaza an'izany Izy ary hidika

an'izany marina tokoa amin'ity fotoana ity, ary hihodina avy hatrany ka hamerina an'izany indray eto any ho any. Hitanareo? Ohatra... Ary hanondro ny iray amin'izy ireo aho raha afaka mieritreritra azy haingana mihitsy. Oh, eny, ity ny anankiray ao amin'ny Lioka... Ao amin'ny Matio 2, nanao hoe, "Ary Jesosy dia nantsoina avy tany Egipta mba hahatanteraka an'izay nampilazaina ny mpaminany, nanao hoe, 'Ny... Izaho niantso ny Zanako avy tany Egipta.'"

<sup>55</sup> Ankehitriny, io faminaniana io, izay itodiana ilay mpaminany eo, dia nanondro marina tokoa an'i *Isiraely* (izay zanak'Andriamanitra) izay Nantsoiny avy tany Egipta. Marina izany, ao—ao amin'ny Genesisy, Eksodosy. Fa izany—izany dia nanondro ny—ny tany, fa niverina indray. "Avy amin'Ny..." Zanak'Andriamanitra i *Isiraely*. Fantatrarao izany. Ary niteny tamin'i Farao Izy, nanao hoe, "Ianao..." Nilaza fa "Ianao—iana..." izay nataony tamin'ny Zanany, hoe Izy dia hanaisotra ny aina... Tsy hamela ny Zanany handeha izy, noho izany i Farao... Nesorin'Andriamanitra ny zanak'i Farao avy tamin'ny... ary... na ilay anjelin'ny fahafatesana tamin'io alina io. Noho izany dia manana dikany mifangaro izany.

<sup>56</sup> Ary noho izany, ankehitriny, tahaka an'i Jerosalema, voahodidin'ny tafika, saingy, ara-bakiteny, ara-tantara, izany dia nandritra ny A.D. 96 rehefa nanao fahirano an'i Jerosalema i Titus. Fa diniho tsara ity ankehitriny, afaka hahita an'ilay fahasamihafana ianareo, mino aho fa ho voahodidin'ny tafika indray i Jerosalema amin'ny andro farany. Saingy mino aho fa ity eto ity dia nampitahaina tamin'ny fotoana nanaovan'i Titus fahirano azy, tamin'ny fotoan'ny fandravàna azy.

<sup>57</sup> Ankehitriny, "Ny fandravàna," miresaka... dia rehefa i Daniela, ilay mpaminany... "mitsangana eo amin'ny toerana Masina." Mariho, hoy izy hoe, "Rehefa hitanareo mitsangana ao amin'ny toerana Masina ny fahavetavetana izay mahatonga fandravàna." Hitanareo, "ny fahavetavetana," *fahavetavetana* dia "maloto." "Izay mahatonga faharavàna," *mandrava* dia "mandringana," dia "mamotika." "Rehefa hitanareo mitsangana ao amin'ny toerana Masina ny fahavetavetana izay mahatonga fandravàna," tanteraka ara-tsoratra rehefa nanao fahirano an'i Jerosalema i Titus, naka ny...

<sup>58</sup> Amin'ny fiandohan'ity toko ity izay nanontanian'izy ireo Azy hoe, "Rahoviana ny andro farany? Ary inona no ho famantarana ny fihavian'ny... an'i Kristy?" Ary niteny Taminy mikasika ny tempoly izy ireo, ahoana izy, ahoana fa voaravaka tsara tamin'ny vato lehibe sy ny sisa izy.

<sup>59</sup> Hoy Izy hoe, "Ho avy ny andro izay tsy hisy vato iray akory aza ho tavela eo ambonin'ny iray hafa, fa harodana io." Nanomboka nanome famantarana sy fahagagana ho azy ireo

Izy. Avy eo, Jesosy no miteny ankehitriny, mitodika any amin'i Daniela ankehitriny, mba hahatanteraka, satria ny faminiana rehetra dia tsy maintsy mifamatotra. Ny Soratra manontolo dia tsy azo foanana na aiza na aiza.

<sup>60</sup> Hoy Jesosy hoe, “Tsy azo foanana ny Soratra.” Amena. Ary teo... Ho any An-danitra ve aho? Azo antoka, mandeha aho! Tsy azo foanana ny Soratra. Ho anareo izay tsy mino an'ireo famantarana sy fahagagana ary zava-mahagaga, ahoana no ahafahanareo miala amin'io Soratra io? Ny Soratra dia tsy azo foanana, tahaka an'i Kristy tsy azo (eto ambony eto), azo foanana. Tahaka ny Vatany lehibe any ambony fotsiny, ary ny hetsiky ny Vatany tsirairay dia mampitaratra fihetsika iray eto an-tany ambony eto, dia tsy maintsy hisy izany. Noho izany raha Kristy... raha ny anareo... Ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, ny herin'Andriamanitra dia nesorina avy tamin'ilay fiangonana ara-bakiteny, na ilay fiangonana arapanahy eto an-tany eto, noho izany dia nesorina avy tamin'i Kristy izany. Izy tsy intsony...

<sup>61</sup> Fa, oh, sary iray toy ny inona an'ilay Voaloboka marina eo, ary isika no sampana ao amin'io Voaloboka io. Hitanareo? Tahaka ny ihetsehan'ilay Voaloboka, dia toy izany koa no ihetsehan'ireo sampany. Marina ve izany? Tsara tarehy toy ny ahoana arak'izany ny Vatany lehibe, oh, ireo Sandriny mivoa-drà sy ireo ranomaso mitete, ary ireo Lanivoany mivoa-drà, sy ny Lamosiny nokapohina mihantona eo ambonin'ny tany tahaka an'izao eo anelanelan'Andriamanitra (ilay Ray) sy ny mety maty an'ity tany ity, nanelanelana sy nitia azy ireo ka vao miditra ao amin'ny hetsika sy ny hery fotsiny ny Vatany, dia nampitaina tamin'ilay Fiangonana izany.

<sup>62</sup> Araka ny Nolazainy fotsiny hoe, “Hanetsika ny tànako tahaka an'izao Aho,” dia mihetsika ny Vatany ara-bakiteny. “Mandehana eto ka mitoria ny Filazantsara,” hahita an'io Fiangonana io hihetsika avy hatrany ianareo. Satria, tsy maintsy mihetsika miaraka amin'ny tànako ny aloko. Amena. Marina ve izany? Amena. Oh, oadray, rehefa mieritreritra an'izany aho! Izany ilay izy, Ny Vatany mihetsika, “Mandehana any amin'izao tontolo rehetra izao ianareo, aseho ny Hery.” Tsy mampaninona raha hanohy ny teolojiantika sy ny fampianarantsika isika sy ny sisa tahaka an'izany, tsy hahomby amin'alahelo isika. Fa ankehitriny dia mihetsika ny tanaan'Andriamanitra, miseho ireo famantarana sy fahagagana. Nahoana, oadray!

<sup>63</sup> Jesosy no nilaza, tany rehefa nandroaka devoly Izy... Tsy hoe miala amin'ity fanontaniana ity, ankehitriny, vetivety fotsiny. Fa Jesosy no nilaza, rehefa namoaka devoly Izy, dia hoy Izy hoe, “Amin'ny alàlan'iza no amoahan'ny zanakareo azy ireo? Raha amin'ny rantsan-tanaan'Andriamanitra no Amoahako devoly, dia amin'ny alàlan'iza no amoahan'ny zanakareo azy ireo? Raha manana fomba iray tsara kokoa ianareo, dia aseho

anay.” Hitanareo? “Raha amin’ny rantsan-tànan’Andriamanitra Aho...” Amena. Eritrereto fotsiny, ny “rantsan-tànana” an’Andriamanitra. Izany no Andriamanitra eo ambonin’i Kristy; Kristy eo ambonin’ny fiangonana. Izany no Andriamanitra, ilay Ray, milaza zavatra *izao-sy-izao*; avy eo Andriamanitra, ilay Zanaka, dia manetsika ny Tànany ary manaraka an’izany ilay aloka. “Raha amin’ny rantsan-tànan’Andriamanitra no Amoahako devoly, dia amin’ny alàlan’iza no amoahan’ny zanakareo azy ireo?”

<sup>64</sup> Jereo, tiako ianareo hanamarika. Oh, tsy mampaninona na lehibe toy ny ahoana aza ny aretina iray na fahoriana firy no azon’ny devoly apetraka eo aminareo, mila ny Rantsan-tànany fotsiny hanala an’izany. Oh, oadray! Oadray! Jereo ireo sorony sy ny sandry ary ny hozatra goavana matanjaka. Ny Rantsan-tànany fotsiny no manala ny aretina rehetra ary mandroaka devoly. Ary zavatra iray kely toy ny inona ny devoly! Alainy fotsiny ny Rantsan-tànany dia roahiny izy avy eo. “Raha amin’ny rantsan-tànan’Andriamanitra Aho...”

<sup>65</sup> Mamelà ahy ankehitriny haneho aminareo ny fitiavan’Andriamanitra iray. Fa rehefa very ny ondry iray, dia tsy nampiasa ny Rantsan-tànany Izy, Napetrany teo ambonin’ny Sorony izy, ary Nalainy Ny Tenany manontolo, tànany, ondry nanodidina ny Sorony. Ny ampahany matanjaka indrindra, mahery indrindra amin’ny olona dia eo amin’ny sorony sy ny lamosiny. Fantatrareo izany. Satria mihetsika ny Hoza-tsandriny sy ny hozany rehetra, ary mandray an’ily ondry manontolo Izy; mametraka Azy eo amin’ny Sorony ary indro Izy tonga, tsy amin’ny Rantsan-tànany, handroaka devoly kely iray, antitra, fa indro Izy tonga miaraka amin’Ny... ny Hozany rehetra an’ny Ranjony, ny hozatra rehetra an’ny Sandriny, mandeha mitety ny an-efitra, mitondra an’ily ondry very eo amin’ny Sorony. Oh, oadray! “Raha ny rantsan-tànan’Andriamanitra no Amoahako devoly, dia amin’ny alàlan’iza no amoahan’ny zanakareo azy ireo?” Oh, haleloia! Oadray!

<sup>66</sup> Eny àry, miverena amin’ny lohahevitra:

Fa *rehefa* ianareo...*mahita an’i Jerosalema voahodidin’ireo tafika, . . .*

*Amin’izay fotoana izay dia aoka ireo izay any Jodia handositra hankany an-tendrombohitra; ary aoka ireo izay ao anatiny tsy hiala; ary aoka . . . ireo izay any an-tsaha hiditra . . . ao anatiny.*

Fa ireo dia ho andron’ny—ny famaliana, mba hahatanteraka an’ireo zavatra rehetra izay voasoratra.

Fa lozan’ireo izay bevohoka, sy ireo izay mampinono, amin’izany andro izany! fa hisy fahoriana lehibe amin’ny tany, ary fahatezerana eo amin’ny olona.

*Ary ho lavon'ny lelan-tsabatra izy ireo, ka ho entina ho babo any amin'ny firenena rehetra: . . .*

67 Mariho hoe tsara tarehy toy ny ahoana eto ny Soratra mba hanao azy ho hafa kely. Ny zavatra voalohany, “Amin’ny lelan-tsabatra.” Ity anankiray farany ity dia amin’ny baomba atomika. Hitanareo? Fa ity dia amin’ny lelan-tsabatra, ary ny Jiosy dia tsy maintsy nentina ho babo tany amin’ny firenena rehetra. Tsy ho toy izany intsony indray ilay izy, hiangona ao Palestina ho an’ny fotoana farany izy ireo. Hitanareo? Ity dia nanondro an’ireo andro izay efa lasa. Ary araka ny tantara marina tokoa izany, niseho tahaka an’izany mihitsy.

68 Nentina nankany amin’ny firenena rehetra izy ireo. Ao amin’ny firenena tsirairay eto ambanin’ny Lanitra androany, dia mahita Jiosy ianareo. Oh, ny firenena tsirairay! Raha mandeha any Chine ianareo, dia mahita Jiosy. Raha mandeha any Rosia ianareo, dia mahita Jiosy. Mandehana any amin’ireo nosy kely, mahita Jiosy ianareo. Miparitaka any amin’ny firenena tsirairay! Inona izany? Ny faminanian’Andriamanitra. Andriamanitra no nikasa an’izany. Ary ireo Jiosy ireo dia mari-drefy, rahalahy. Rehefa hitanareo izy ireo . . .

69 Fantatro fa jamba sy very lâlana izy ireo, ary mamitaka sy ny zavatra rehetra, saingy nofitahin’Andriamanitra izy ireo mba ahafahako sy ianareo mahazo fahitana. Marina izany. Fa amin’ny fanahin’ny faminanianana no hilazako an’izao, amin’ny alàlan’ny Baiboly, hoe, antomotra ny ora hiverenan’ny Jiosy hody. Eny, tompoko. Nanamafy ny fon’i Hitler Izy, nandroaka azy ireo hiala tany Alemaina; nanamafy ny fon’i Mussolini, nandroaka azy ireo hiala tany Rosia. Mandroaka azy ireo avy hatraiza hatraiza Izy, tahaka ny Nataony tamin’ireo andro izay Nitondrany azy ireo nivoaka. Ary avy eo rehefa niditra tany anefitra tany izy ireo ary vonona ny hiampita, dia inona no niseho? Namangy ny tany tamin’ny loza lehibe sy ny sisa Andriamanitra. Izay Haveriny indray miaraka amin’ireo Mpanompony roa, ireo hazo oliva roa an’i Ezekiela sy an’ny Apokalypsy 11 koa. Haveriny ireo famantarana sy fahagagana ireo.

70 Jereo ireo vavolombelona roa ao amin’ny Apokalypsy 11, “Homeko hery ireo Vavolombeloko, ka hanidy ny lanitra izy ireo amin’ny andron’ny faminaniany, na handefa loza ety ambonin’ny tany arak’izay tiany.” Eo ianareo izao, ireo vavolombelona roa amin’ny andro farany.

71 Fantatro fa ny fampianarana moderina dia hoe “Izany dia ny Testamenta Taloha sy Vaovao.” Diso izany! Diso izany!

72 Tsy izany ireo vavolombelona roa, izany dia ny fiverenan’i Mosesy sy Elia tanteraka tokoa. Ary mahamarika ianareo eo, na iray amin’izy ireo aza . . . Mosesy, maty izy, fa lasa aiza izy? Tsy maintsy nitsangana indray izy. Ary i Elia dia nafindra tsy nisy fahafatesana akory aza. Tsy maintsy ho faty izy, satria tsy

maintsy maty ny mety maty tsirairay, noho izany dia tsy maintsy hiverina indray izy. Ary izany ireo vavolombelona roa.

<sup>73</sup> Diniho ankehitriny:

*Ary izy ireo dia hanitsaka...Ary ho lavon'ny lelan-tsabatra izy ireo,...(andinin'ny faha-24)... an'ny sabatra, ary ny rehetra dia ho entina ho babo any amin'ny firenena rehetra: ary Jerosalema hohitsahin'ireo jentilisa, mandra-paha... (Amena!)... mandra-pahatanteraky ny andron'ireo Jentilisa.*

<sup>74</sup> Manaitra, sa tsy izany, ny mahafantatra fa manana fotoana voafetra isika? Andriamanitra no niteny an'izany! Ny fizaram-potoan'ny Jentilisa dia nampidirin'i Nebokadnezara Mpanjaka. Oh, miavaka toy ny ahoana! Fotoana firy no azoko laniana eo amin'ity, mandritry ny minitra vitsy fotsiny! Fa mariho, mila ny fanontaniany ny tsirairay avy. Saingy, raha mbola eo amin'ity isika, dia ndao hieritreritra an'izany, satria tena ilaina izany ankehitriny, izao *ankehitryny* izao.

<sup>75</sup> Jereo! Andriamanitra no nitarika ny vahoaka, ireo Jiosy. Tsy firenena iray mihitsy izy ireo, vahoaka iray fotsiny izy ireo. Ary tsy fiangonana iray voarafitra mihitsy izy ireo, fa izy ireo dia *ilay* fiangonana nantsoina hivoaka fotsiny. Tsy nisy rafi-pandaminana iray mihitsy teo anivon'ireo Jiosy, notarihin'Andriamanitra foana izy ireo.

<sup>76</sup> Noho izany rehefa ara-politika, ara-pirenena, izy ireo dia te-ho lasa...hanana mpanjaka iray. Dia nomen'Andriamanitra mpanjaka iray izy ireo fa tsy nety mihitsy ilay izy. Andriamanitra no Mpanjakan'izy ireo. Andriamanitra no Mpanjakantsika, marina izany, ary Andriamanitra no Mpanjakan'ilay Fiangonana.

<sup>77</sup> Ankehitriny, mariho avy eo rehefa voasambotra sy nentina tany Babylona izy ireo satria niezaka naka tahaka an'ireo firenen'izao tontolo izao izy ireo. Sary iray tsara tarehy toy ny inona amin'izao andro izao ny amin'ny fiangonana miezaka maka tahaka an'izao tontolo izao any, ary nentina, nentina niaraka tamin'ny—ny fiainan'izy ireo. Ny fiangonana dia miaina tahaka ny iainan'izao tontolo izao mihitsy, manao hadalana, mihetsika tahaka azy mihitsy, sy ny zavatra hafa rehetra, nefa mihambo ho ilay Fiangonana. Tsy afaka manao an'izany ianareo. Tsia, tompoko. Ny tena fiainanareo mihitsy no manaporofa ny maha-izy anareo.

<sup>78</sup> Izay maha-izy anareo...Araka ny nolazaiko tany am-boalohany, ny maha-izy anareo any an-kafa any ho any no ampitarafinareo eto. Izay maha-izy anareo, izay maha-izy ny vatanareo any an-danitra na eto an-tany any ambony any, izay maha-izy ny vatanareo any an-danitra any an-kafa any ho any no ampitarafinareo eto. Any amin'ny tanin'ny fanahy, izay maha-izy anareo, no maha-izy anareo eto. Raha mbola misaina

vetaveta sy ny sisa foana ianareo ao amin'ny tanin'ny fanahy, dia misaina vetaveta ianareo eto. Raha mbola manana lolompo, fitsiriritana, ary fifandirana foana ianareo, izay misy anareo ao amin'ny tanin'ny fanahy miaraka amin'izany, dia mitaratra eto izany. Fa raha lasa voadio sy voasasa ny tenanareo anatin'ny indrindra manontolo, dia izany no maneho fa manana vatana iray ianareo any (miandry) izay efa voadio sy voasasa, ary miverina mihetsika ao amin'ny nofo izany. Tsy hitanareo ve? Hitanareo, izany ilay izy. “Raha ravàna ity tabernakelin'ny tany ity, dia efa manana anankiray isika miandry.” Hitanareo?

<sup>79</sup> Ankehitriny, amin'izao fotoana izao, ny andro farany, ahoana fa io fampitahana ara-nofo io, ireo fakan-tahaky ny Kristianisma dia hifangaro ao anatin'ny Babylona goavana anankiray tahaka azy tany aoriana tany. Ary nentina tany Babylona izy ireo. Marina ve izany? Ary hoy ny Baiboly hoe, “Niantso ilay anjelin'ny Tompo ka nanao hoe, ‘Mivoaha avy ao Babylona, ry Oloko!’”

<sup>80</sup> Fifanjevoana! Ity, “Batista aho. Metodista aho. Presbyterana aho,” fifanjevoana fotsiny izany rehetra izany. Tsy misy famonjena mihitsy ao anatin'izany.

<sup>81</sup> Ankehitriny, aza manao hoe izaho dia milaza fa ny vahoaka Batista dia tsy nahazo famonjena, ny vahoaka Metodista. Tsy miresaka mikasika an'izany aho. Miresaka mikasika ny fiangonana sy ny heriny ara-politika aho, ireo politika izany. Ary amin'ny resaka ara-politika, satria Metodista ianareo, na Batista, na Presbyterana, na Katolika, tsy misy idiran'izany amin'io. Tsy fantatr'Andriamanitra akory aza izany, ary ao Babylona izany amin'izao andro izao. Ary miantso Fiangonana iray hivoaka avy ao amin'izy rehetra ireo Andriamanitra, misintona an'ilay madio am-po hivoaka, manao Ny Fiangonany. Tsara tarehy toy ny ahoana!

<sup>82</sup> Ary mariho, afaka milaza zavatra aho eto izay hanaitra, saingy raha—raha izany ilay izy . . . Henoy, ankehitriny. Diniho hoe ahoana i Babylona . . . Inona no niseho tany . . . tao—tao Babylona, rehefa nentina teo amin'ireo mpivavaka marina ilay fanerana. Tsarovy, eran'ny tana kely fotsiny, Sadraka, Mesaka, sy Abednego, ary Daniela, avy—avy amin'ireo mpivavaka marina izay nandeha tao amin'ny fahababoana, rehefa niantso azy ireo Andriamanitra mba—mba haneho marina tokoa ny lokony, izay naha-izy azy ireo. Noterena tao amin'ny fanompoana sampy iray izy ireo. Marina ve izany? Fanompoan-tsampy! Noterena tao amin'ny fanompoana sampy iray izy ireo, ary tsy maintsy niankohoka teo anoloan'ny sampy iray. Ary raha tsy nanao an'izany izy ireo, dia nenjehina.

<sup>83</sup> Oh, sary iray toy ny inona no azonareo sintonina avy amin'i Daniela, Apokalypsy, mamatotra an'ireo miaraka ary maneho amin'ny alàlan'ny Soratra fa ilay Fiangonana dia

miditra amin'ilay karazana fanenjehana iray ihany alohan'ny iantsoana Azy hivoaka. Tahaka an'izany no nampidirana an'ilay Fiangonana Jentilisa, tahaka an'izany no hakàna an'ilay Fiangonana Jentilisa. Tahaka ny nahatongavany dia toy izany koa no handehanany.

<sup>84</sup> Ary jereo hoe ahoana no nahitany an'ilay sarivongana. Ary ankehitriny, tsarovy, ilay sarivongana... Ankehitriny, ato an-trano ity ankehitriny. Jereo, mino aho fa io sarivongana izay nataon'i Nebokadnezara Mpanjaka io dia an'i Daniela, lehilahy masina iray. Raha hanamarika ianareo, Nebokadnezara Mpanjaka dia efa niantso an'i Daniela, niantso azy hoe "Beltesazara" (izay ny sampiny), ary izy dia nanao—nanao sarivongana iray, ary tsy nisy anankiray natsipy tao an-davaky ny liona taorian'i Daniela, sy ny sisa, ary hoy izy hoe, "Tsy misy olona tokony hanompo andriamanitra hafa, sy ny sisa, afa-tsy ny Andriamanitr'i Daniela." Sarin'ny lehilahy masina iray angamba ilay izy, sarivongana lehibe, ary tsy maintsy niankohoka teo amin'io ny olona rehetra.

<sup>85</sup> Fa ilay Fiangonana, Sadraka, sy Mesaka, ary Abednego... I Daniela no mpitarika, tahaka an'i Kristy Mpitarika an'ilay Fiangonana.

<sup>86</sup> Ary tsy maintsy niankohoka teo anoloan'io sarivongana io izy ireo ary nivavaka tamin'ilay sarivongana. Mariho! Ary mahamarika ianareo, tamin'ireo fotoana ireo, dia nangina i Daniela. Amena! Oh, ary manantena aho fa azonareo izany. Nangina i Daniela. Namela azy ireo... tsy maintsy nanao ny safidiny manokana izy ireo.

<sup>87</sup> Amin'ny andro... amin'ny fiafaran'ny fizaram-potoan'ny Jentilisa, dia hisy sarivongana iray, ka ny olona rehetra dia hiankohoka eo anatrehan'io sary io ary hivavaka. Na dia masina toy ny ahoana aza izany, dia tsy tokony hivavaka amin'ny sarivongana iray ianareo (fivavahana amin'ny sarivongana).

<sup>88</sup> Ankehitriny, mariho. Oh, oadray! Eo amin'ny farany mihitsy, dia miditra indray i Daniela. Mahagaga toy ny ahoana! Tamin'io alina io talohan'ilay fety lehibe an'ireo vaditsindrano sy ny sisa, dia tonga ny Tanana iray nanoratra teo amin'ny rindrina hoe, "MENE, MENE, TEKELA, OPARESINA," manerana ny rindrina. Ary ny fandikana, tsy nisy olona afaka nanome, voasoratra tamin'ny fiteny tsy fantatra izany. Tsy nisy olona afaka nandika Azy.

<sup>89</sup> Nandeha izy ireo ary naka ny manam-pahaizany tsara indrindra. Hoy izy ireo hoe, "Tsy fantatray."

<sup>90</sup> Dia nandeha izy ireo ka naka an'ireo mpisikidiny sy ny mpamantatra kintana rehetra. "Tsy fantatray. Tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'izany izahay. Tsy mbola nahita fiteny tahaka an'izany izahay, tsy mbola nandre tahaka an'izany mihitsy teo amin'ny fiainanay."



91 Fa nisy lehilahy iray! Nanana ny Olony Andriamanitra, teo i Daniela. Hoy izy, “Mandehana alaivo izy,” hoy izy, “satria ny Fanahin’Andriamanitra no mipetraka ao anatin’ny.”

92 Dia tonga teo i Daniela, nanomboka namaky sy nandika an’io fiteny teo amin’ny rindrina io, dia nomeny. . . Inona ilay fandikana? Tsy hoe, “Oh, ho tahiana ianao, O ry mpanjaka, ho velona mandrakizay.” Fa tamin’ny fandàvana azy mivantana, mafy, mahitsy, dia hoy izy, “Voalanja tamin’ny mizàna ianao ka hita fa maivana.”

93 Jereo, tahaka an’izany ilay izy. Tahaka ny nampidiran’io Ivelan’ny voajanahary io ny fanjakan’ny Jentilisa, dia toy izany koa no anesoran’ily Ivelan’ny voajanahary an’izany amin’ny Jentilisa. Ny fanjakana dia nampidirina tamin’ny alàlan’ny Ivelan’ny voajanahary, ary hifarana amin’ny alàlan’ny Ivelan’ny voajanahary. Ireo mandan’i Jerosalema dia hohitsahina, dia ho. . . izany dia. . . “Ireo Jentilisa no hanana azy mandrapahatapitry ny fizaram-potoan’ny Jentilisa.” Avy eo dia mitodika any amin’ny Jiosy Andriamanitra. Amena! Oh, oadray!

94 Oh, ry sakaiza, maniry aho ny ahafahantsika hahazo an’izany tsara mihitsy. Ary ianareo? Hanana eo amin’ny herinandro eo amin’io lohahevitra anankiray io, hitanareo, mba ahafahantsika mandinika azy tsara mihitsy amin’ny alàlan’ny Soratra.

95 Izany, diniho, henoy—henoy tsara izay Nolazainy ankehitriny. “Jerosalema dia hohitsahin’ireo Jentilisa mandrapahatapitry ny andron’ireo Jentilisa.” Ny fahiranon’i—i Titus, avy eo dia niditra, naka an’i Jerosalema. Hoy Izy hoe, “Ankehitriny—ankehitryny, nandre mikasika ny fahavetavetana izay mahatonga fandravàna ve ianareo?”

“Hia.”

“Eny, izany dia rehefa miditra ireo Jentilisa.”

“Hia, azonay izany,” hoy ireo mpianatra.

“Ankehitriny, efa nanana ny governemantany ireo Jentilisa ankehitriny.”

“Azo antoka.”

96 “Jerosalema teo ambany governemanta Jentilisa ve tamin’izany?” Eny, tompoko! Ireo Romana. Mbola nanana an’ily governemanta foana izy ireo tao—tao Jerosalema. Ary izany dia nanomboka tany tamin’ny alàlan’ny fahavetavetana izay mahatonga fandravàna izay noresahin’i Daniela.

97 Ankehitriny dia hoy Izy hoe, “Antomotra izany fotoana izany, satria handrodana an’io tempoly io izy ireo ary hanangana ny Moske an’i Omar, izay hitsangana eo amin’ily toerana iray ihany eto, ireo Mohametana, Jentilisa. Ary hitsangana eo izany.”

<sup>98</sup> *Jentilisa* dia midika hoe “tsi-mpino.” Tsy ilay Fiangonana izany, ankehitriny. Izany dia ny *Jentilisa*, hitanareo, ilay tsi-mpino. Ankehitriny, ary izany dia haharitra mandrapahatapitry ny fizaram-potoan’ny *Jentilisa*. Avy eo rehefa tapitra ny fizaram-potoan’ny *Jentilisa*, dia tsy maintsy hanohana ny olona ilay *Andriana* lehibe (*Izay Kristy*) amin’ny andro farany.

<sup>99</sup> “*Nanatona Azy izy*,” ao amin’ny *Daniela*, “*Izay fotsy tahaka ny volon’ondry ny volony*,” tahaka ny nahitantsika *Azy tao amin’ny Apokalypsy 1*, “*nankeo amin’ilay Fahagola*. Dia napetraka ny *Fitsarana* ary nosokafana ireo *Boky*. Ireo *Boky*” (maro) “*dia nosokafana ary ny olona rehetra dia notsaraina arak’ireo Boky, ireo zavatra izay voasoratra tao*.” Jereo, nisokatra ireo *Boky*, “*Nahita Azy tonga Izy, ary an’alinalina no nanompo Azy*.” Tonga miaraka *Aminy* ireo *Olo-masina*. Marina ve izany, ao amin’ny *Daniela*? “*Ary nosokafana ireo Boky*,” izany dia ny *Bokin’ny fiainanareo*, “*ary ny olona tsirairay—ary ny olona tsirairay dia notsaraina arak’izany, ny mpanota, notsaraina arak’izany*. Ary nosokafana ny *Boky iray hafa*,” dia ny *Bokin’ny Fiainana*, “*ary notsaraina ny olona tsirairay*.”

<sup>100</sup> Mariho ankehitriny, tsarovy isan’andro, ento amin’ny *telo* izany. Raha tsy manao ianareo, dia azo antoka fa hanao azo hifangaro. Nisy kilasin’olona telo teraka teto an-tany; nisy kilasy telo tany am-piandohana; hisy kilasy telo amin’ny farany. Inona . . .

<sup>101</sup> *Niverina Jesosy* niaraka tamin’ny an’alinalina, nanompo *Azy*. Tsaroanareo izy nanao hoe, “*Tsy zavatra kely ho anareo ve ny maka . . . na zavatra tsy mahazatra ny mitondra ny raharahanareo sy ny olanareo eo amin’ny lalàna, nefa tsy mahafantatra fa ireo Olo-masina no hitsara ny tany?*” Ireo *Olo-masina* no mitsara ny tany! Haleloia! Mieritreritra an’izany aho, oadray! Ny mahita *Azy tonga*, any, miaraka amin’ireo voasasan’ny *Rà*, aorian’ny *Arivo taona*, ny fanavotana sy ny navotana avy tamin’ny taona rehetra mitsangana ao amin’*Ny Fanatrehany*. Ilay *Ampakarina voasasan’ny Rà!*

<sup>102</sup> Tsy ireo izay olona tsara fotsiny, diso ny fitsanganana voalohany tokoa izy ireo. Hoy ny *Baiboly* hoe, “*Ary ny sisa amin’ny maty dia tsy mbola velona mandrapahatapitry ny arivo taona*.” Marina ve izany? Izany dia ireo izay nanana ny anarany voasoratra tao amin’ny *Bokin’ny Fiainan’ny Zanak’ondry* nefa nandà ny batisan’ny *Fanahy Masina*.

<sup>103</sup> Ny *Voafidy* ihany no miditra amin’io fotoana io. Ny *Voafidy* ihany no mandray ny—ny—ny *Arivo taona*. Oh, noho izany, rahalahy, dia tokony ho karazan’olona inona isika? Te-hiaina mandritra ny *Arivo taona* aho! Ndao isika hanaisotra ny entamavesatra rehetra sy ny fahotana izay mora mahazo antsika. Raha milaza zavatra ratsy ilay olona na manao zavatra tahaka

an'izao, dia mivavaha ho azy ary manohiza mandroso. Aoka ny safidinareo tokana ho amin'Andriamanitra. Raha tsy misy olonkafa manao an'izany, dia ataovy izany! Fa hisy Voafidy iray izay hiaina mandritra ny Taonan'ny Arivo taona ary hiditra sy hivoaka miaraka amin'i Kristy mandritra ny arivo taona, ary avy eo dia hiakatra miaraka Aminy ao amin'ny Voninahitra izy ireo ary hiverina indray. Rehefa miseho ny fitsanganan'ny ratsy fanahy, amin'izay fotoana izay dia hipetraka ny Arivo taona... Rehefa tapitra ny Arivo taona, amin'izay fotoana izay dia hiakatra miaraka amin'ilay Fiangonana Kristy, ary amin'ny fiafaran'ny arivo taona dia hiverina hiaraka amin'ilay Fiangonana Izy.

<sup>104</sup> Tonga intelo i Kristy. Ny fotoana voalohany, dia tonga *hanavotra* Ny Fiangonany Izy. Marina ve izany? Ny fotoana faharoa, dia tonga *handray* Ny Fiangonany Izy. Ny fotoana fahatelo, dia tonga *miaraka* amin'Ny Fiangonany Izy. Hitanareo? Tonga Izy *hanavotra* Azy; tonga Izy *hampakatra* Azy sy ho entina, amin'ny fotoan'ireo loza sy ny sisa; miverina indray ho an'ny *Arivo taona*, miaina mandritra ny Arivo taona.

<sup>105</sup> Ary avy eo dia midina ilay Mpanjaka lehibe sy Mpanjakavavy ho an'ny Fitsarana. Efa napetraka ny Seza fiandrianana Fotsy an'ny Fitsarana ary nosokafana ireo Boky. Ary mitsangana eo ilay navotana, Fiangonan'Andriamanitra Velona nateraky ny Fanahy Masina, mitsangana eo amin'ny Hatsarany mba hitsara. “Nosokafana ireo Boky, napetraka ny fitsarana ary notsaraina arak'izany ny olona rehetra,” ny mpanota izany. “Ary nisy Boky iray hafa nosokafana,” tsy ho an'ilay Ampakariny Fanahy Masina, tsy handray an'izany mihitsy izy satria ao amin'ny Fampakarana Izy.

<sup>106</sup> Raha feno ny Fanahy Masina ianareo izao maraina izao, ka mihetsika ao amin'ny hozatra tsirairay an'ny vatanareo ny herin'Andriamanitra, dia inona no soa hijoroanareo ao amin'ny Fitsarana? Efa voatsara ianareo, efa noraisina, sy nofenoina, ary efa—efa nafindra nankao amin'ireo toeran-Danitra miaraka amin'i Kristy Jesosy. Tsy hoe ianareo *dia ho*, ianareo ankehitriny, izao ankehitriny izao dia nafindra!

<sup>107</sup> “Ireo izay Nantsoiny, no Nohamarininy; ireo izay Nohamarininy, no Nomeny voninahitra.” Ary ny olona navotana tsirairay eto amin'izao tontolo izao izao maraina izao, izay eo ambanin'ny Ràn'i Jesosy Kristy, feno ny Fanahy Masina, dia *manana* Fiainana mandrakizay ka tsy afaka ho levona, ary efa ao amin'ireo toeran-Danitra miaraka amin'i Kristy Jesosy, ary tsy ho tonga ao amin'ny fanamelohana mihitsy. Efa navotana! Tsy mahafinaritra ve izany? Hitanareo? Efa navotana, mipetraka ao amin'ireo toeran-Danitra ankehitriny miaraka amin'i Kristy, sy von-. . . efa nomem-boninahitra, efa nomem-boninahitra!

<sup>108</sup> Hoy ianareo hoe, “Rahalahy Bill, milaza an’izany ve ny Soratra?”

<sup>109</sup> Jesosy no nilaza an’izany, na ny Soratra no milaza an’izany, na ireo mpanoratra. Paoly, hoy izy hoe, “Ireo izay Nohamarininy, dia efa Nomeny voninahitra. Ireo izay Notendreny mialoha, no Nofidiany mialoha; izay Nofidiany mialoha, no Nohamarininy; ireo izay Nohamarininy, dia efa Nomeny voninahitra.” Inona izany? Oh, oadray! (Miala tsiny aho.) Efa nomem-boninahitra! Noho izany raha feno ny Fanahy Masina isika, dia efa voatahiry ao amin’Andriamanitra ireo hozatra sy vatantsika, misy vatana nomem-boninahitra iray efa miandry, ary tsy maintsy mandeha mankany amin’izany ianareo vantany vao tapitra ity. Ireo izay Nohamarininy, no efa Nomeny voninahitra!

<sup>110</sup> Izay nolazaiko vao teo, ny negatifa sy pozitifa. Naniry aho mba hanana fianarana ampy hanazavana an’izany ka hanao azy ho azo sy mazava aminareo, saingy tsy afaka mahita an’izany fotsiny aho. Fantatro izay resahako, saingy tsy afaka maneho azy arak’izay tiako hanehoana azy aho.

<sup>111</sup> [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] . . . Ranomasina Mena sy ireo zavatra rehetra izay avoakany ireo. Any ireo fitaovana, ireo Jiosy, tena manan-karena, noho izany dia io zavatra iray io ihany no handoto ny tobin’izy ireo indray. Hia! Ho tonga mihitsy izy ireo, ireo tanànan’izao tontolo izao. Ho tonga i Rosia, hanao hoe, “Tsy maintsy manana an’io zavatra io fotsiny izahay. Ny uranium izany sy ny zavatra rehetra any, tsy maintsy mandeha maka an’izany izahay.” Ary raha mandeha any izy ireo, amin’izay fotoana izay no hisy ny adin’i Hara-magedona. Izany no fotoana hitsanganan’Andriamanitra tahaka ny Nataony teo amin’ny lohasaha ho an’ny zanak’Isiraely ka hiady indray. Fa izany dia hiseho rehefa ho tapitra ny fizaram-potoan’ny Jentilisa. Ary rehefa tapitra io fotoana io, dia esorina izy.

<sup>112</sup> [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Ankehitriny araka ny hevitra manetry tena, ry olona malala izay nametraka an’ity fanontaniana eto ity, araka ny hevitra manetry tena mikasika an’ity:

### **10. Iza ireo olom-be tamin’ireo andro ireo?**

<sup>113</sup> Ankehitriny, Josephus eo . . . Mazava ho azy, fantatro, ny fiangonantsika, mitovy amiko mihitsy ianareo. Izaho—tsy mahay iray an’ny kilasy fahafito aho ary izaho—tsy miraharaha mikasika ny fianarana sy ny sisa aho. Heveriko fa izany no sakana lehibe indrindra izay hany nananan’ny Filazantsara. Kanefa, indraindray fotsiny, dia maka boky iray na roa aho. Ankehitriny, ny fifampiraharahako amin’ny olona mitovy amiko, dia eo amin’ilay laharana iray ihany fotsiny isika rehetra, olona tsotra fotsiny isika. Ary tena mankasitraka aho. Hoy ny Baiboly hoe, “Ireo olona tsotra no nihaino Azy tamin-kafaliana.” Ireo aristokraty, avy eo dia nisy kilasy hafa, fa ireo

olona tsotra . . . Ilay andian'olona tsotra tahaka antsika fotsiny, ireo olona izay tia an'Andriamanitra sy tsy manana betsaka avy amin'ity izao tontolo izao ity, manana ny zanany sy ny fianakaviany, tia an'Andriamanitra isika ary tia mandeha any am-piangonana, manaisotra ny—ny fitafian'ny vatantsika ho an'Ny Fanjakany, zavatra tahaka an'izany. Tiantsika Izy, hanao ny zavatra rehetra isika, izany ireo olona tsotra izay nihaino Azy. Ary mbola tahaka an'izany foana ilay izy amin'izao andro izao, ny olona tsotra no nihaino Azy tamin-kafaliana.

114 Ankehitriny, ilay olona manan-karena dia manana be loatra ho eritreretina avy amin'ny tany, hitanareo. Ary—ary ilay tena olona any izay tsy ahafahanareo manao na inona na inona aminy, eo amin'ny laharan'ny kilaototo, tsy hiraharaha an'izany fotsiny izy. Fa ny olona tsotra fotsiny no nihaino Azy tamin-kafaliana.

115 Ary ankehitriny ao amin'i Josephus, ny sorany, hoy izy . . . Ankehitriny, ity no fandikany an'ireo “zanakalahin'Andriamanitra” ireo izay naka an'ireo zanakavavin'olona. Nilaza izy fa “Ireo fanahy lavo izay teto antany . . .”

116 Ankehitriny, fantatrareo ilay . . . ao amin'ny Apokalypsy, ny toko faha-11, na, faha-7, tsia, mamela . . . toko faha-12-n'ny Apokalypsy, ilay vehivavy nitsangana tao amin'ny masoandro. “Ny dragona mena dia nametraka ny rambony nanodidina ny roa ampahatelon'ireo kintana ary nisintona azy ireo ho amin'ny tany.” Fantatsika fa i Satana, tamin'ny voalohany, dia nanangana fanjakana tany amin'ny tany avaratra mba ho tsara tarehy kokoa noho izay—noho ny an'i Mikaela, ary nisy ny . . . avy eo dia nanao ady tany An-danitra izy. Ary nisintona ny roa ampahatelon'ireo vatan'anjely izy niaraka taminy. Marina ve izany?

117 Izany no antony hoe vitsy an'isa fotsiny isika. Ny tiako lazaina dia ilay—ilay—ilay lafiny . . . ilay lafin'olona kely izao maraina izao, ao amin'ny faritra Kristiana, ny olona nateraky ny Fanahy Masina, satria izy ireo dia ao amin'ilay—ilay—ilay ampahany kely. Marina izany.

118 Ary raha mandinika an'ireo fanahy nivoaka avy tao amin'ny Genesisy ianareo ka manomboka mitsangana, diniho io fivavaham-piangonana tena kilasika, kilasika ambony io. Jereo izany tany aoriana tany tao amin'i Kaina, jereo izany amin'izao andro izao. Mitohy avy hatrany, manohy mihetsika hatrany amin'ireo Fariseo. Ary misy sekta roa amin'izy ireo, Fariseo sy Sadoseo. Hitanareo, manohy mandroso avy hatrany, ary jereo izany amin'izao andro izao ao amin'ny Katolisisma sy ireo hetsika lehibe tahaka an'izany, ireo toerana tsara tarehy lehibe.

119 Eny, jereo i Abela miaraka amin'ilay zanak'ondry kely, hitanareo, tsotra iray fotsiny. Jereo izany tamin'ny andron'i

Jesosy. Jereo izany manerana an'ireo Soratra rehefa manaraka azy ianareo, mahita hoe ahoana izany. Miaina ao amin'izany andro izany mihitsy isika izay niantsoan'Andriamanitra Ny Fiangonany hatramin'ny farany. Io kofehy kely io, io kofehy kely mena izay tonga manerana ny Baiboly io mihitsy, amin'ny lâlana rehetra, an'ireo olona voasasan'ny Rà. Mariho!

<sup>120</sup> Ankehitriny, ireto “zanakalahin'Andriamanitra,” ireto araka ny hevitra, tsy, tsy hoe tsy mifanaraka tokoa na miezaka ny hihetsika ho manan-tsaina na hilaza fa tsy nahafantatra an'izay noresahany i Josephus, fa lehilahy iray tahaka ahy izy. Tsy mampaninona na manam-pahaizana toy ny ahoana aza izy, lehilahy iray fotsiny izy. Ary ny zavatra tokana nananany, dia nikaroka an'ireo soratra tranainy izy, sy ny sisa tahaka an'izany, ary ireo vakoka tranainy, sy ny sisa, saingy tsy nanana noho izay ananantsika amin'izao andro izao izy, ny Fanahy Masina. Ankehitriny, nandeha tamin'ny alàlan'ny saina ara-boajanahary fotsiny izy.

<sup>121</sup> Fa isika dia mandray azy amin'ny alàlan'ny saina ara-panahy. Ireo “zanakalahin'Andriamanitra,” rehefa, fa vatan'anjely izy ireo. Mino aho fa izany izy ireo. Ary izaho—mino aho fa ny . . .

<sup>122</sup> Ankehitriny, nilaza an'ilay zavatra iray ihany i Josephus, fa hoy izy hoe, “Nanery ny tenany izy ireo ka nampiditra ny tenany tao atatin'ny nofon'olombelona, ary naka an'ireo zanakalahy. . . ary—ary naka an'ireo zanakavavin'ny olona.” Ankehitriny, vahoaka mifangaro iray isika; samihafa isika eto izao maraina izao, lehilahy, vehivavy, ary zazavavy sy zazalahy kely, ary miteny an'izao aho mba ho azon'ny olon-dehibe tokoa. Fa rehefa. . . Milaza izy fa “Rehefa hitan'ireo vatan'anjely ny fanirian'ny vehivavy, ahoana no niainan'ny lehilahy niaraka tamin'ireo vehivavy, dia nanery ny tenany nankao amin'ny nofon'olombelona izy ireo. Noho izany. . . ary naka an'ireo zanakavavin'ny olona ho azy izy ireo.”

<sup>123</sup> Eny, izaho—tsy mino an'izany aho. Izao na inoako, hoe teraka tany Kanana izy ireo, ary izy ireo dia teraka avy tamin'ny—ny vondron'i Kaina izay nalefa nankany amin'ny tanin'i Noda. Ary nanana marika iray izy teo aminy mba tsy hisy olona hamono azy, nohon'ny toetrany mamono olona, namono ny rahalahiny. Fa raha, mahamarika ianareo, na dia ireo Isiraelita aza dia nahita ny sasany tamin'ireo olona ireo rehefa nandeha tany izy ireo. Tena goavana izy ireo, ary hoy izy hoe, “Tahaka ny tsingentana izahay, teo anilan'izy ireo.” Marina ve izany? An-jatony sy an-jatony taona taty aoriana, dia nisy lehilahy lehibe, mafy, olona goavana. Ary matetika izy ireo dia tena mangady ny—ny fatin'izy ireo, ary hitany fa lehilahy lehibe izy ireo.

<sup>124</sup> Ankehitriny ny heveriko fa nihavian'izany. Ankehitriny, ity misy kely avy amin'ny foto-pampianarako manokana

ankehitriny. Olon'ny fiangonana fotsiny ilay izy, hitanareo. Heveriko fa i Kaina dia zanak'i Satana. Fantatro fa tsy mifanaraka amin'izany ianareo, tsy mifanaraka ny fiangonako manokana. Fa izany dia mbola... Mandra-panehoan'Andriamanitra amiko hafa, izaho—hino an'ilay zavatra iray ihany aho, hitanareo, hoe zanak'i Satana izy. Satria tsy afaka hametraka an'io fanahy tsy masina, mpamono olona io ho nivoaka avy tamin'Andriamanitra aho. Tsia, tompoko. Tsy maintsy nanaraka ny dadany izy, ary ny dadany dia io...eto, rehefa tonga teo amin'ilay menarana i Satana.

<sup>125</sup> Ary ny menarana dia tsy biby mandady iray, ny ozona no nahatonga azy ho biby mandady iray. Tahaka ny lehilahy iray fotsiny izy, nandeha nitsangana. Ary niaraka tamin'io vehivavy teo io izy, ary nanao an'io fijangajangana io izy ka niteraka ny zananilahy voalohany dia i Kaina, ilay natioran'ny dadany. Ary mino aho fa io bibidia goavana io dia nitsangana tahaka ny lehilahy iray, ary nandeha nitsangana izy, ary avy teo no nihavian'ireto olom-be malaza ireto. Hia, marina tokoa izany. Ankehitriny, eritreritro manokana izany ary izaho—mety ho diso aho. Eritreritro izany, hitanareo. Fa lehilahy malaza izy ireo.

<sup>126</sup> Ary raha nahamarika ianareo, Andriamanitra dia nitsangana teo anoloan'i Adama sy Eva, hoy Izy hoe, "Avy tamin'ny vovoka no Nangalako anao, hiverina amin'ny vovoka ianao. Izaho..."

<sup>127</sup> "Ary satria ianao no nitondra ny...nihaino ny...an'ilay bibidia raha tokony ho ny vadinao, ka nanaisotra ny aina avy tamin'izao tontolo izao ianao, dia ianao no hamerina an'izany amin'izao tontolo izao."

<sup>128</sup> Ary hoy Izy hoe, "Ry menarana, esorina ny tongotrao, hitanao, tsy handeha intsony ianao. Ary tsy ho bibidia iray ianao, ho biby mandady iray ianao ankehitriny. Ary ny kibonao no handehananao, ary vovoka no hohaninao."

<sup>129</sup> Eo no heveriko fa ireo...Kaina, araka ny natioran'io biby be io izay niaina niaraka...tahaka ny biby iray, izay niaina niaraka tamin'ity vehivavy ity izay niteraka an'io zaza io, izay biby tapany sy tahaka ny olona, olona goavana be iray. Ary avy eo dia nandeha tany izy ary nanomboka tonga avy taminy ireo zanany, ary noho izany dia bibidia, filàna ara-nofa tahaka ny dadany tany am-piandohana, io biby ratsy nanana filàna io dia nahita an'ireto zanakavavy sy ny sisa ireto, ka naka an'ireo zanakavavin'ny olona ho azy ireo. Marina izany.

<sup>130</sup> Ary inona no nitondra an'ireo olona ireo, azo antoka, izany dia avy tamin'io laharan-taranaka iray io ihany dia ireo fanahy lavo izay tonga teo amin'ny olona. Tsarovy, ireo fanahy iray ihany izay niaina tany aoriana tany, androany...dia velona androany.

<sup>131</sup> Jereo izany amin'izao andro izao! Eny, manana olona isika ato amin'ity firenena ity izay...Ankehitriny, izaho tsy...Ity,

Amerikana aho, fantatrareo fa izany aho. Fa mamelà ahy hiteny aminareo, ity no firenena ambany indrindra ankoatran'i Paris, Frantsa, izay fantatro na aiza na aiza eto amin'izao tontolo izao. Tena mitsontsorika izy!

<sup>132</sup> Nahoana, na dia ireo olona vahiny aza, any Afrika, any—any Suède ary . . . any, hoy izy ireo hoe, “Inona marina ny olana aminareo vahoaka Amerikana, tsy manana fanajana an'ireo vehivavinareo intsony ve ianareo rehetra? Fa ireo hira rehetra ao amin'ny radio, karazana hira ratsy maloto, vetaveta mikasika an'ireo vehivavy. Tsy manana fanajana an'ireo vehivavinareo ve ianareo any?”

<sup>133</sup> Ny hirantsika rehetra dia mikasika ny vehivavy, na ny fananahana sy ny fitsiriritana, ary ireo zavatra tahaka an'izany. Satria ny devoly no nihazona azy. Marina tokoa izany. Hollywood ratsy sy ireo televiziona ary ny zavatra rehetra no manaparitaka an'io zavatra vetaveta sy tsy masina io, handeha any amin'ireo fivarotan-gazety tranainy sy ny zavatra hafa rehetra. Ny zavatra rehetra dia ireo vehivavy miala akanjo na zavatra. Izany marina tokoa no niantombohany tany amin'ny voalohany, ary hifarana tahaka an'izany. Henatra iray izany!

<sup>134</sup> Ary ny taolan-damosin'ny firenena rehetra dia ny maha-vehivavy, rehefa tonga eo amin'ny hoe fitondran-tena ilay izy. Ary mandrava ny maha-reny ianareo, nandrava ny firenena. Tonga eo amin'ny toerana iray isika amin'izao andro izao izay ireo vehivavintsika . . . mifoka sigara, sy ireo zavatra tahaka an'izany, sy misotro whisky, ary manao hadalana, ary izany dia—fahafaham-baraka izany!

<sup>135</sup> Ny lehilahy tanora iray miezaka hahita vady izay mbola virijiny, izay tsara fitondran-tena, dia tsy maintsy mandeha mankany amin'ny fiangonana tsara iray, kely, tranainy, an'ny Fanahy Masina izy, saiky, mba hahita anankiray; ary marina tokoa izany, izay nisy lehilahy iray nitandrina azy fotsiny sy ireo zavatra tahaka an'izany, ary nanana fahamendrehana kely mikasika azy.

<sup>136</sup> Mety hihevitra ianareo fa adala izany, saingy, rahalahy, diniho izany ka tadiavo, ary jereo raha tsy izany no Fahamarinana. Fahafaham-baraka izany! Eny ary.

Ireo no zanak'Andriamanitra izay ao . . . Ankehitriny, izany, afaka manazava aho ny . . . Rehefa—rehefa fantatro raha . . .

<sup>137</sup> Nanana fanontaniana iray hafa aho androany, hoy izy ireo hoe, “Nahoana, Rahalahy Bill, ny Baiboly dia nilaza fa i Eva dia nilaza hoe, ‘Efa nahazo zazalahy avy tamin'ny Tompo aho.’” Marina tokoa. Tsy maintsy avy amin'ny Tompo izany. Ny Tompo no Mpamorona tokana izay misy. Izy . . . Andriamanitra no namorona ny devoly. Ahoana izany? Andriamanitra no namorona ny devoly. Andriamanitra no namorona ny anjely lavo tsirairay izay misy. Marina ve izany? Nahoana, izany tokoa.



Safidin'izy ireo izany, fa tsy ny Azy. Izy no namorona anareo, inona no ataonareo mikasika an'izany? Hotsaraina tahaka azy ireo ianareo. Eo ianareo izao. Izany tokoa!

<sup>138</sup> Zanakalahin'Andriamanitra izy ireo, saingy lavo avy tamin'ny fahasavana ka niditra tao amin'ireo lehilahy bibidia ireo, ary nihazakazaka sy nitsiriritra. Rehefa nahita an'ireo vehivavy izy ireo, dia nalainy fotsiny izy ireo. Nahoana, mbola eto foana izy ireo. Ny fahalotoam-pitondran-tenan'i Amerika dia feno...Ny lehilahy iray tsy manana ny Fanahin'Andriamanitra, dia hanala zazakely iray avy eo an-tsandrin'ny reny iray ka hanolana azy. Raha tsy misy an'Andriamanitra, izy dia tsy—tsy tsaratsara kokoa noho ny bibidia iray izy. Mbola manana an'io natoram-bibidia, tsy masina io foana izy. Ary lehilahy iray miaraka...Milaza izy ireo fa ny fivavahana dia mitondra anareo, milaza fa ny olona dia lasa adala nohon'ny fivavahana. Ny fivavahana no zavatra tokana izay afaka manome ho an'ny olona iray ny sainy tsara, izany hoe, ny fivavahan'i Jesosy Kristy.

<sup>139</sup> Afaka manaporofa amin'ny alàlan'ny Baiboly aho fa tsy ao amin'ny sainareo tsara ianareo raha tsy nahita an'i Kristy. Marina izany. Tena mahery izany, saingy afaka manaporofa an'izany amin'ny alàlan'ny Soratra aho. Marina izany. Lasa bibidia ianareo, feno fitsiriritana, ary ny zavatra rehetra, raha tsy nahita an'i Kristy Jesosy. Izy no ilay Anankiray maha-te-ho tia.

<sup>140</sup> Ankehitriny, hanaiky aho fa mianatra be loatra ny olona, ary miezaka handeha lavitra loatra, ary miezaka ny hieritreritra mafy loatra, ary indraindray tratry ny fahavoazana ara-tsaina sy ny sisa nohon'ny fianarana mikasika ny Tompo. Tsy maintsy ajanonareo izany! Tsy voatery hanao an'izany ianareo. Ny zavatra tokana tsy maintsy hataonareo dia ny latsa-pitia Aminy, ary manohy mandeha mitia Azy fotsiny. Amena. Ilay izy tsy hoe manandrana miditra ao amin'ny zavatra iray na manao ny tenanareo ho zavatra izay tsy maha-izy anareo, mandrosoa fotsiny ary avelao Andriamanitra hampiasa anareo amin'ny fomba izay Tiany. Atolory fotsiny ny tenanareo, apetraho ny tenanareo ary manohiza mandeha, faly, mihira, mifaly. Izany ilay fanao.

<sup>141</sup> Hoy ny Baiboly hoe, “Ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa an'ireo izay tia Azy,” noho izany dia aoka hahazo antoka fotsiny fa tia Azy ianareo, izany no zavatra tokana tokony ho fantatrareo. Amena! Tiavo fotsiny Izy ary manohiza mandeha! Manaova hoe, “Tompo, tiako Ianao, Fantatrao fa tiako Ianao.”

“Tianao ve *ity*?”

“Tsia, Tompoko. Tiako Ianao, Tompo.” Hitanareo?

<sup>142</sup> Manaova hoe, “Eny, tsy tianao ve ny ho...Tsy te-ho mpitory teny malaza iray ve ianao? Tsy tianao ve ny ho tahaka an'*ity*?”

143 “Tsia. Ankehitriny, Tompo, inona . . . Raha Tianao ho izany aho, dia ho izany. Raha tsy Tianao, Amena. Ho eto mihitsy aho, famafan-tongotra iray fotsiny eto amin’ity fiangonana ity.”

144 “Eny, ankehitriny, mino aho fa raha manao zavatra tahaka an’ity ianao dia hihevitra betsaka kokoa ny amin’ny fiangonanao ny olona.”

145 “Tsy ahoako izay heverin’ny olona, izay Heverinao no tiako ho fantatra, Tompo. Izaho—hitoetra fotsiny miaraka Aminao mihitsy aho, izay Teneninao mba hataoko. Tiako izy rehetra ireo, azo antoka.”

“Eny, ankehitriny, fantatrao Ranabavy *Ranona-sy-ranona*, tsy tia azy ianao.”

“Eny, tia aho, Tompo. Eny, azoko antoka fa tia aho. Tiako izy.”

“Nahoana?”

146 “Satria tia azy Ianao, ary Ianao no ato amiko. Ary tsy maintsy tia azy aho, satria Ianao ato amiko no tia azy avy amiko.” Fioo! Izany no hanao an’ilay izy.

147 Fa heveriko fa ireo bibidia izay lavo tany ireo, izany dia ilay bibidia feno fitsiriritana izay lavo, hitanareo.

### **11. Ireo “zanakalahin’Andriamanitra” ve dia midika hoe Anjely sa fanahy avy any An-danitra?**

148 Izany no fanontanian’ilay olona. Eny àry. Mino aho fa tsy Anjely izy ireo. Hitanareo, vatana izy ireo, “zanakalahin’Andriamanitra,” araka ny lazain’ny Soratra. Tsy anjely, zanakalahin’Andriamanitra izy ireo. Ary avy tany An-danitra nanketo an-tany izy ireo, ary natao tao anatin’ny nofo; tsy hoe “nanery ny tenany tao anatin’ny nofo,” Mino aho fa ny nofo rehetra dia teraka ara-pananahana afa-tsy i Jesosy Kristy. Mino aho fa Izy no Vatana tokana nateraky ny virijiny izay hany nisy, Jesosy Kristy. Ary izaho—tsy mifanaraka amin’i Josephus aho eo amin’izany, an’io mpahay tantara malaza io. Fa tena mino aho fa izy ireo dia vatana ivelan’ny voajanahary izay nidina ary naka ny fanahin’ny olona. Ary mino aho fa mbola eto izy ireo androany, mbola mandehandeha eto Jeffersonville androany, ireo dia fanahim-bibidia, feno fitsiriritana, tsy masina iray ihany, mba hiaina ao anatin’ny olombelona mihitsy. Ankehitriny, indray andro any dia ho faty ireo lehilahy ireo; ary raha misy taranaka iray hafa, dia ho tonga eo amin’izy ireo avy hatrany izy ireo.

149 Tsarovy, Andriamanitra dia manaisotra ny Olony fa tsy Ny Fanahiny mihitsy, ity dia ilay Fanahy Masina iray ihany izay noraisin’izy ireo tamin’ny Pentekosta.

150 Ilay devoly iray ihany (amin’ny endriny ara-pivavahana) izay nanenjika an’i Kristy, no ilay devoly iray ihany izay ao anatin’ny fiangonana androany, manao akanjo lava. Ary izy ireo dia tsy

voatery manao . . . Tsy ilay akanjo lava eo amin'ny vatan'izy no tiako lazaina, fa ilay akanjo lava eo amin'ny fanahinareo no tiako lazaina. Hitanareo, “Eny, efa lasa ireo andron'ny fahagagana, tsy misy izany zavatra izany.” Miresaka mikasika an'ireo Fariseo moderina ianareo! Marina tokoa.

<sup>151</sup> “Manana ny . . .” Hoy ny Baiboly hoe, “Hanana endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra izy ireo, fa handà ny Hery. Alaviro ny tahaka an'izany, mialà lavitra an'izany. Mijanòna lavitra fotsiny, hazòny lavitra ny tenanareo.” Mbola ireo zanakalahin'Andriamanitra foana izany, saingy ao anatin'ny toerana lavo izy ireo. Hitanareo ve izay tiako lazaina? Ny sasany amin'izy ireo dia mpitoriteny, ny sasany amin'izy ireo dia diakona, ny sasany amin'izy ireo dia loholona, ny sasany amin'izy ireo dia eveka, mpivavaka mihitsy arak'izay mety maha-izy azy ireo! Fa ny Baiboly . . .

<sup>152</sup> Ankehitriny, hamaly an'ilay fanontaniana aho, rahalahy, izay napetrakao tamiko vao teo. Hoy ny olona iray hoe:

**12. Rahalahy Branham, tiako ho fantatra ny toerana izay ahafahako hamehezana sy hilazana fa “Ity lehilahy ity dia manana ny Fanahy Masina satria izy dia nanao an'ity,” na “Ity vehivavy ity dia manana ny Fanahy Masina satria izy dia nanao an'itsy.”**

<sup>153</sup> Tsy misy fomba eto amin'izao tontolo izao hahafantaranao an'izany. Marina izany. Tsy misy fomba eto amin'izao tontolo izao hahafantaranao an'izany. Andriamanitra no Mpitsara, tsy tokony hitsara isika. Hitanao? Torio fotsiny ny Filazantsara, miainà . . .

<sup>154</sup> Nanatona ahy ny lehilahy iray teto fotoana vitsy lasa izay, nitory mikasika an'izay nolazaiko indray hariva aho. Tonga tany an-tranoko izy ka nanao hoe, “Rahalahy Branham, rahalahy, izaho dia mila—izaho dia mila—izaho dia te-ho . . . Te-hiala amin'ireo fahotako aho. Te-ho Kristiana aho.” Nipetraka teo amin'ny lavarangako izy.

<sup>155</sup> Hoy izy hoe, “Nandre mikasika ny lehilahy malaza iray aho, lehilahy iray fantatra manerana ny firenena rehetra amin'ny anarana hoe Billy Graham.” Hoy izy hoe, “Nandeha tany amin'ireo fivoriany aho ary—ary—ary hoy izy hoe, ‘Izay rehetra te-ho lasa Kristiana, atsangàno ny tãnanareo ka maneke an'i Kristy ho Mpamonjy manokana.’ Noho izany dia natsangako ny tãnako. Hoy izy hoe, ‘Ankehitriny, mitsangàna ny rehetra, hanao vavaka iray isika.’ Noho izany dia nijanona aho ary nivavaka fotsiny . . .” (mamelà ahy) “tso-po mihitsy arak'izay vitako.” Hoy izy hoe, “Ary, saingy tsy nahavita soa ho ahy izany.”

<sup>156</sup> Hoy izy hoe, “Avy eo aho dia nandeha nankany—nankany amin'ny fivorian'i Oral Roberts.” Hoy izy hoe, “Nandre mikasika azy aho, ary reko fa nanana an'izany fifaliana izany izy rehetra.” Hoy izy, “Nandeha nankany amin'i Oral Roberts aho ary

nanontany azy hoe, ‘Inona no tsy maintsy ataoko mba ho lasa Kristiana iray?’ Hoy izy hoe, ‘Mandehana ianao ery aoriana ery ao . . .’ Noteneniko taminy fa efa nanangana ny tana aho tany amin’ny an’i Billy Graham. Hoy izy hoe, ‘Mijanona ianao ao amin’io efitrano fikatsahana etsy io mandra-pahatonga anao ho tena faly ka hiteny amin’ny fiteny tsy fantatra ianao.’” Hoy izy hoe, “Niditra tao aho ary nivavaka mandra-pitenenako tamin’ny fiteny tsy fantatra.” Hoy izy, “Nivoaka aho, tsy nahavita soa ho ahy izany.”

<sup>157</sup> Hoy izy hoe, “Ary avy eo dia nandeha nankany amin’ny fivoriana iray hafa aho ka niteny tamiko izy ireo fa tsy mbola nohamasinina aho, nilaza fa izaho ‘Dia tsy maintsy hamasinina sy hifaly ary hihiakiaka, haneho fifaliana betsaka.’ Noho izany dia nivavaka aho ary nivavaka mandra-pahatonga ahy—ahy nihiakiaka.” Hoy izy hoe, “Kanefa . . .”

<sup>158</sup> Hoy aho hoe, “Rahalahy, ny tsirairay amin’ireo zavatra ireo dia marina, ny tsirairay amin’izy ireo dia tsara. Manangana ny tananao, miteny amin’ny fiteny tsy fantatra, mihiakiaka, mino ny kely tsirairay amin’izany aho, kanefa tsy izany ilay zavatra. Hitanao, ilay izy dia manaiky an’ily Olona, Kristy Jesosy.” Hitanareo? Hitanareo, ilay izy tsy . . .

<sup>159</sup> Toetra ireo zavatra ireo. Mihiakiaka, miteny amin’ny fiteny tsy fantatra, mihazakazaka, mihiakiaka, mitomany, mivavaka, na inona na inona, toetra izay manaraka fotsiny izany. Ny zavatra voalohany dia ny manaiky an’ily Olona, Kristy Jesosy. Hitanareo? Noho izany dia tsy misy—tsy misy porofo izay azontsika lazaina. Satria ve mitomany ny olona iray? Efa nahita olona nitomany sy nitomany aho, ary nitomany tamin’ny ranomasom-boay, nefa mbola mpanota goavana iray arak’izay naha-izy azy foana mihitsy izy.

<sup>160</sup> Henoy, Jesosy dia nampitovy antsika tamin’ny ondry. Marina ve izany? Ny mpiandry ondry dia mahafantatra ny ondry. Misy olona ve ato efa mba nandre osy iray miantsoantso? Eny, rahalahy, tsaratsara kokoa aminareo ny ho mpiandry ondry iray raha te-hahafantatra an’ily fahasamihafana ianareo. Hiantsoantso tahaka ny ondry iray marina tokoa ny osy iray. Ah-hah. Avelao ny osilahy antitra kely iray ho voafatotra any ho any, ary ondry kely iray eo amin’ny ilany iray “Baa,” ary avy eo “Baa,” mitovy ihany.

<sup>161</sup> Ary efa nandre azy ireo aho teo amin’ny alitara nitomany fotsiny sy nitomany hoe, “O Andriamanitra!” nigogogogo fotsiny tahaka an’izany, “O Andriamanitra!” nefa osilahy iray foana. Marina izany. Mihiakiaka? Eny, oadray, efa nahita azy ireo nihiakiaka aho mandra-pahatonga azy ireo . . . sy nihazakazaka nanerana ny gorodona sy nitsambikina ambony sy ambany ary nihiakiaka.

162 Ankehitriny, hoy ianareo hoe, “Rahalahy Branham, tsy mino ny fiantsoantsoana ianao!”

163 Aza diso fandrany ahy. Azo antoka, mino ny fiantsoantsoana aho. Saingy milaza aho fa tsy izany no porofo, hitanareo, satria samy miantsoantso izy roa ireo. Efa nahita azy ireo nihiakiaka mafy araka izay azony nihiakiahana aho. Eny, tompoko. Ary manao hadalana tahaka an’izany fotsiny, ary lasa lavitra an’ilay zavatra, fantatrareo izay resahako. Efa nandre azy ireo niteny tamin’ny fiteny tsy fantatra aho, nivoaka ary miaina amin’ny karazam-piainana rehetra, manao ny zavatra rehetra fotsiny. Tsy izany no famantarana.

Fa hoy ianareo hoe, “Manohitra an’izany ianao.”

164 Tsia, tsy manohitra aho. Mino ny fitenenana amin’ny fiteny tsy fantatra aho, fanomezam-pahasovan’Andriamanitra ao amin’ny fiangonana izany. Raha hanaisotra an’izany aho, dia hanaisotra ampahany iray an’Andriamanitra. Raha manala ny lelako aho—ny lelako hiala amin’ny vatako eto, dia tsy hanana vatana feno iray aho. Ny Vatan’i Jesosy Kristy dia manana lela ao Aminy. Ny Vatan’i Jesosy Kristy eto dia manana lela; ary raha esorinareo izany, dia manala ampahany iray an’i Kristy ianareo. Saingy mbola tsy afaka milaza foana ianareo fa izany ilay Vatana, hitanareo. Hitanareo? Hitanareo?

165 Fa ny fanekena an’ilay Olona, Kristy Jesosy, ary ireo zavatra hafa ireo dia tonga avy hatrany ary mifanaraka miaraka izy ireo. Aoka ny mambra tsirairay ao amin’ity vatana ity izao maraina izao, aoka ity vondron’olona kely ity, raha afaka mampidina an’ireo lamban’efitra amin’ny lafiny tsirairay isika ka ny olona tsirairay eto mandray an’ilay Olona, Kristy Jesosy, dia tsy hisy fifamaliana iray intsony na tsy hisy adi-hevitra intsony eo. Hisy fitiavana tanteraka iray fotsiny eo. Kanefa ianareo dia mbola hino an’ity foana sy hino an’ity, saingy ho feno fitiavana fotsiny izany ka ianareo fotsiny dia . . . Hitanareo? Izay ilay izy. Ankehitriny, hoy Jesosy hoe, “Ny voany no hahafantarareo azy ireo.” Ary ny vokatry ny Fanahy dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahatsaram-panahy, fahamoram-panahy, fahalemam-panahy.

166 Ankehitriny, izaho dia handeha . . . Homeko anareo ny fanombanako an’izay heveriko fa zavatra akaiky indrindra an’ny porofo iray, hoe Kristiana ny olona iray, mihoatra noho ny zavatra rehetra izay fantatro. Fantatrareo ve hoe inona izany? Ny asan’ny fanahy izany. Olona iray izay noana sy mangetaheta an’Andriamanitra isan’andro. Izy ireo fotsiny . . . andro aman’alina, izy ireo—tsy afaka mahatanty an’izany fotsiny izy ireo. Izy ireo—izy ireo—tsy maintsy manao zavatra ho an’Andriamanitra izy ireo. Izy ireo—feno fitiavana izy ireo ary izy ireo fotsiny dia . . . asan’ny fanahy, miasa foana fotsiny. Hoy ny Baiboly hoe, “Izy mivoaka mamafy amin-dranomaso dia tsy

isalasalana fa hiverina indray, hifaly, mitondra an'ireo amboara sarobidy miaraka aminy.” Marina ve izany? Ireo zavatra rehetra ireo.

<sup>167</sup> Ankehitriny, jereo, raha misy . . . Raha ity fiangonana ity . . . Raha hilaza aho, izao maraina izao, hoe ity vondron'olona ity sy izaho . . . Ary hoy Andriamanitra hoe, “Ankehitriny, jereo, William Branham, hanao anao hamaly ho an'ity vondron'olona ity Aho, an'izay teneninao amin'izy ireo. Ankehitriny, tianao hihiakiaka ve izy rehetra ireo?”

“Azo antoka, tiako hihiakiaka izy ireo.”

“Tianao hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra ve izy rehetra ireo?”

“Tiako hiteny ny tsirairay avy amin'izy ireo.”

“Tianao handihy ao amin'ny Fanahy ve izy rehetra ireo?”

“Tiako handihy ny tsirairay avy amin'izy ireo.”

<sup>168</sup> “Eny àry, eny, tena tsara izany, saingy inona no tianao hataon'izy ireo kokoa?” Ah-hah.

<sup>169</sup> “Aleoko manana fiangonana iray manana an'izany entamavesatra izany ao am-pony ho an'ny vavaka izay hijanonan'izy ireo fotsiny eo amin'ity alitara ity ka ho eto andro aman'alina, ary ny zavatra hafa rehetra; ary ao an-tranon'izy ireo, ao amin'ny vavaka tsy ankitsahatra, sy hanetry tena, ary hiezaka hitondra ny olona hanatona an'Andriamanitra, ary manao antso any amin'ny hopitaly sy mamangy ny marary, ary miezaka mitondra ny olona ho any am-piangonana sy hanao ny tsara. Aleoko manana an'izany toy izay ny hafa rehetra atambatatra; na dia marina aza ilay hafa, dia an'ny fiangonana izy.”

<sup>170</sup> Fa raha tsy maintsy manana an'izany aho, dia izany no hapetrako aloha. Satria raha manana an'izany ianareo, dia hiseho ilay hafa. Ah-hah. Hitanareo? Raha manana an'izany ianareo, raha ho tena noana an'Andriamanitra fotsiny ianareo, dia hiseho ny fihikiakiana. Raha tena noana an'Andriamanitra ianareo, dia hiseho ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra. Raha tena noana an'Andriamanitra ianareo, ary manohy noana fotsiny, dia hazony izany. Rehefa mahita ny tenanareo lasa tsy miraika, dia tsarovy fotsiny, mitandrema, misy fanahy iray hafa miezaka mampiditra ny tenany ao anatiny ao. Mijanona tsara eo anatrehan'Andriamanitra, manetry tena, miaraka amin'ny asan'ny fanahy. Aoka fotsiny . . . manana fanao fahiny tsara . . .

<sup>171</sup> Afaka manaporofa amin'ny alàlan'ny Baiboly aho hoe “Tamin'ny fotoana voalohany nandehanan'ilay Anjelin'Andriamanitra nitety ny tany mba hanisy tombokase amin'ny Fanahy Masina, dia ireo izay nitaraina sy nisento nohon'ny fahavetavetana natao tao an-tanàna ihany no Nasiany tombokase,” Ezekielà, ny toko faha-9. Marina ve izany?

Nametraka tombokase teo amin'ny handrin'ireo izay misento sy mitaraina nohon'ny fahavetavetana izay natao tao an-tanàna.

<sup>172</sup> Ankehitriny, te-hametraka fanontaniana iray aminareo aho, hametraka an'ity fanontaniana ity aminareo aho. (Ankehitriny dia hamarana isika haingana mihitsy arak'izay vitako.) Inona no hiseho androany raha nandeha ny Fanahy Masina nitety an'i Jeffersonville, New Albany, ary Louisville, mba hanisy tombokase an'ireo izay ho any an-trano amin'ity tolakandro ity hoe, “Andriamanitra, mandefasa fifohazana iray, tena noana fivoriana iray fotsiny. O Andriamanitra, jereo ireo fahotan'ny tanàna. Oh, tsy mahatsiravina ve izany, Andriamanitra? Oh, tsy handefa fifohazana iray ve Ianao azafady, Andriamanitra? Mandefasa mpitory teny tsara iray, mandefasa olona iray. O Tompo, aoka ny Fanahy Masina...” Aiza, aiza no Hasiany tombokase? Eritrereto izany.

<sup>173</sup> Ankehitriny, “Eny, Rahalahy Branham, inona no tianao lazaina?”

<sup>174</sup> Ity no tiako lazaina, ary milaza an'ity am-panajana aho ankehitriny, mandeha eo ambonin'ireo kofehy marefo. Mino aho fa saiky efa tapitra izany andro izany, ireo izay miditra no miditra. Hitanareo? Hitanareo? Eo am-pikatonana miaraka ireo varavarana, tsy manana an'izany enta-mavesatra izany intsony ianareo.

<sup>175</sup> Nanao fivoriana nanerana ny firenena i Billy Graham, sy i Oral Roberts, ary ny sisa rehetra taminay. Nitomany izahay, ary nivavaka sy nivavaka, sy ny zavatra hafa rehetra. Saingy, hitanareo, eo am-pikatonana ireo varavarana. “Aoka izay maloto,” manonona ny Soratra aho, “mbola haloto. Aoka izay marina, mbola ho marina. Izay masina, mbola ho masina.” Ary mino aho fa eo am-pikatonana miaraka ireo varavaran'ny Jentilisa. Hitanareo? Efa saiky tapitra mihitsy ny fotoan'ilay vanim-potoana, vitsy amboniny fotsiny sisa no hiditra. Ny antony tsy ahafahanareo manao karazana fivoriana iray tahaka an'izany, dia tsy misy asan'ny fanahy intsony. Ianareo tsy—tsy manana an'izany enta-mavesatra izany ianareo.

<sup>176</sup> Tsaroako taona maro lasa izay. Mandre azy ireo miresaka mikasika ny lalana misy taim-bakona sy ny sisa foana ianareo ato amin'ny tabernakla. Tsy nanao an'izany intsony ilay izy, na kely intsony aza. Fa avy eo dia vaovao ilay izy, niantso Ny Fiangonany Andriamanitra. Nahita azy ireo nigogogogo sy nitomany ary nijanona teo amin'ny alitara nandritry ny alina manontolo aho. Nankany an-tranon'izy ireo aho, ary afaka nandre azy ireo ianareo rehefa nanatona, tao amin'ny fotsiny. . . tao amin'ny efitra fatorian'izy ireo, lehilahy sy vehivavy, niantsoantso hoe, “O Andriamanitra!”

<sup>177</sup> Nahita azy ireo nandeha nanerana ny fiangonana ianareo, ary hitako ilay piano nanomboka nitendry hoe, *Jesosy Hazòny*

*Eo Akaikin'Ny Hazo Fijaliana Aho*, ary ireo ranomaso nikoriana teo, fantatrareo. “Sniff, sniff, sniff, sniff, sniff.” Nandeha tato amin’ity fiangonana ity, avy eo dia nandeha nankany amin’ny fiangonana iray hafa, ary mandre azy ireo eo hoe, *Misy Loharano sarobidy iray*. “O Andriamanitra, vonjeo ny zanakolahy. Vonjeo ny zanakovavy, very izy, Tompo. Azafady!”

<sup>178</sup> Tsy mahita an’izany intsony ianareo. Inona ny olana? Niala ny Fanahin’Andriamanitra. Jesosy no nilaza, nilaza mialoha an’izany, hoe ny fitiavana...satria ny fitiavan’ny maro...ho levona ny fitiavan’izy ireo. “Fa nohon’ny habetsahan’ny heloka, dia ho levona ny fitiavan’ny maro.” Hitanareo? Hitanareo, mihamangatsiaka, lasa. Eo am-pahafatesana ny fitiavana. Ary inona no azon’izy ireo tao anatin’izany? Endrika iray fotsiny; mitendry an’ilay piano miakatra sy midina, tena mafy, ary mivazavaza hoe, “Voninahitra ho an’Andriamanitra! Haleloia! Amena! Deraina ny Tompo!” Hitanareo, tahaka an’izany, endrika iray fotsiny izany. Aza mamitaka ny tenanareo, hitanareo, mamitaka ny tenanareo fotsiny. Hitanareo, henoy, rahalahy, mandrapahatongantsika...Mandeha tahaka an’izao aho, izaho dia mire-...

<sup>179</sup> Tsy miresaka mikasika ny tabernaklantsika aho, fa miresaka mikasika an’izay hitako manerana an’i Etazonia aho. Lasa endrika iray fotsiny izany, karazana hetsika izay nananantsika taloha fotsiny. Ary io asan’ny fanahy io, dia efa saiky tapitra fotsiny izany. Oh rahalahy, ranabavy, (Andriamanitra, mamindrà fo aminay) enga anie hamindra fo Andriamanitra!

<sup>180</sup> Jereo ireto fifohazana sy ny sisa ireto mirefodrefotra sy mirefodrefotra ary mirefodrefotra fotsiny, ary efa voatory mazava kokoa ny Filazantsara, izany dia...Jereo ilay izy amin’izao andro izao, vantany vao mifarana fotsiny ny fifohazana iray, dia lasa izy ireo. Mba fantantrareo moa?

<sup>181</sup> Mamelà ahy hilaza an’ity. Tsy fantatro hoe nahoana aho no tsy afaka miala amin’ity. Fa, jereo, hoy Jesosy hoe, “Ny fanjakan’ny Lanitra dia tahaka ny lehilahy iray izay nitondra harato iray ka nanipy tao anatin’ny ranomasina. Ary rehefa nisintona izy, dia nahazo karazana maro avy amin’ny ranomasina, mazava ho azy. Nahazo sokatra izy, sy nahazo bibilava, ary nahazo oram-bato, bibikelin-drano, trondro. Hitanareo? Ary mino aho fa ilay harato... .

<sup>182</sup> Ankehitriny, jereo! *Ity ny* sokatra iray, ary *ity ny* trondro iray. Tsy misy azon’io sokatra io atao satria sokatra iray izy, efa sokatra iray izy eo am-panombohana. Ny natorany dia sokatra iray ary izay ihany no nisy teo amin’izany. (Tsarovy ankehitriny, izaho—nilaza aho fa hivavaka aho.) Hitanareo, sokatra iray izy eo am-panombohana, sokatra iray izy ankehitriny. Raha bibilava iray izy eo am-panombohana, dia



bibilava iray izy ankehitriny. Raha bibikelin-drano iray izy eo am-panombohana . . .

<sup>183</sup> Ary mino aho fa ilay harato dia efa natsipy sy natsipy ary natsipy, mandra-panaisotra saiky ny trondro rehetra mihitsy avy tao amin'ilay kamory.

<sup>184</sup> Izany no antony ilazan'izy ireo hoe, “Eny, efa nanangana ny tånako aho. Voninahitra ho an'Andriamanitra! Te-ho voavonjy aho. Deraina ny Tompo!” Ary andro vitsivitsy aty aoriana, “Oh, Lydia, fantatrao fa fahadalana izany zavatra izany.” “Heveriko fa marina ilay izy.” Nahoana? Ilay natiora izay *eto* dia bibikelin-drano eo am-panombohana; menarana iray, teo am-panombohana.

<sup>185</sup> Efa saiky afaka avy tao amin'ilay farihy mihitsy ny trondro ankehitriny. Ho maina ilay harato. Ary ho avy Jesosy, handray ny Trondrony Izy amin'izay fotoana izay. Hitanareo ve izay tiako lazaina? Oh, raha misy pentin'ny Kristianisma anankiray ao anatinareo, raha misy pentim-paniriana anankiray hanompoanareo an'Andriamanitra, dia hazõny mafy araka izay vitanareo izany izao maraina izao ary tiavo fatratra amin'ny fonareo rehetra izany.

<sup>186</sup> “Ireo zanakalahin'Andriamanitra dia naka an'ireo zanakavavin'ny olona ho azy ireo.” Azo antoka fa zanakalahin'Andriamanitra izy ireo. Androany dia mbola zanakalahin'Andriamanitra foana izy ireo, saingy zanakalahin'Andriamanitra lavo. Ny sasany amin'izy ireo, ara-tsoratra, fioo! Ahoana fa afaka miresaka ny Soratra izy ireo! Zanakalahin'Andriamanitra izy ireo. Fantatrareo, Satana dia lehilahy tånana ankavanan'Andriamanitra. Fantatrareo, izy dia mahafantatra betsaka mikasika ny Soratra noho ny—ny teolojiana—teolojiana rehetra eto amin'izao tontolo izao amin'izao andro izao. Miresaka momba ny . . . Manakorontana an'ireo seminera izy, indrindra fa ity anankiray Batista eto ity izay milaza fa hoe “Jesosy Kristy dia teraka avy tamin'ny miaramila Romana iray, na Alemandy iray.” Manana boky iray mikasika an'izany aho, tiako ny hampiseho an'izany aminareo indray andro any. Eny àry.

<sup>187</sup> Haingana mihitsy, Eksodosy . . . Oh, tsy hahazo an'ity mihitsy isika raha tsy hoe hanemotra isika. Haka azy ireo haingana mihitsy aho ankehitriny, fantatro fa maka betsaka amin'ny fotoanareo aho. Haharitra miaraka amiko minitra vitsy amboniny fotsiny ve ianareo rehetra? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.]

**13. Ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, voalaza ao amin'ny Apokalypsy ve, dia ireo sisa nanamborana Jiosy izay isika . . . ho ampahany amin'ny Fampakarana ny Fiangonana? (ao ambadika) Tsy ny Isiraely ve, tany amin'ny**

**fiandohan'ny . . . nanomboka izy ireo . . . (Miala tsiny aho) . . .  
mandeha ao amin'ny fotoana—fotoan'ny . . . ?**

188 Miala tsiny aho, iray minitra fotsiny mandra-pahazoako an'ity. Ilay izy—nitohy ilay izy, mitohy ilay izy ao ambadik'ilay taratasy.

**. . . hiseho mandritra ny arivo taona an'i—an'i Kristy fa tsy hoe ny olona dia afaka hiaina, araka ny tenenin'ireto mpivavaka moderina ireto amintsika? Eny, tempoko.**

189 Ankehitriny, iray minitra fotsiny, mba hahazoana tsara an'ity. Ilay fanontaniana dia:

**Ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy ve, izay isika no sisa nanamborana . . . ?**

190 Tiako ny hanitsy antsika eo amin'ity aloha, mba hahazoana antoka fotsiny fa ianareo . . . Hitanareo, ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy . . .

**Ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, voalaza ao amin'ny Apokalypsy ve, dia ireo sisa nanamborana Jiosy izay ho ampahany amin'ny Fampakarana ny Fiangonana? Ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy ve . . . ?**

191 Ankehitriny, fotsiny . . . izaho dia—izaho dia . . . Tiako ny hahazo an'ity mazava ao an-tsaiko alohan'ny hanombohako azy.

**Ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, voalaza ao amin'ny Apokalypsy ve, dia ireo sisa nanamborana Jiosy izay ho ampahany amin'ny Fampakarana ny Fiangonana?**

192 Tiako ho alainy aloha ity. Ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy dia ireo sisa nanamborana Jiosy, fa tsy ilay Fiangonana nakarina. Hitanareo? Jereo ankehitriny ao amin'ny Apokalypsy, ny toko faha-6, dia ho hitanareo izany.

193 Avy eo isika dia haka an'ilay ampahany hafa amin'ny lafiny hafa—hafa ary manana fanontaniana iray hafa izy ireo eo. Mariho ireo zavatra ireo.

194 Eny àry, jereo eto ankehitriny, Apokalypsy 6, ankehitriny, eo no ahitanareo an'izany. Hitanareo? Ankehitriny, hanomboka isika, mandroso izy ary miresaka mikasika an'ireo mpitaingin-tsoavaly, sy ny sisa, izay mivoaka. “Rehefa novahan'izy ireo ny . . .” Ndao alaintsika ny andininy faha-9-n'ny toko faha-6-n'ny Apokalypsy:

*Ary rehefa novahany ny tombokase fahadimy, . . .*

195 Izaho—izaho—diso aho, ao amin'ilay toko tsy izy aho. Ny toko faha-7 ilay izy:

*. . . rehefa afaka ireo zavatra ireo dia nahita anjely efatra nitsangana teo amin'ny vazan-tany efatra aho, . . .*

196 Oh, fanontaniana iray mahafinaritra toy ny inona, ary fotoana kely iray toy ny inona mba hidirana ao amin'izany ary hanao vavaka ho an'ny marary.

*. . . rehefa afaka ireo zavatra ireo dia nahita anjely efatra nitsangana teo amin'ny vazan-tany efatra aho, mihazona ny rivotra efatry ny tany, mba tsy hitsofan'ny rivotra ambonin'ny tany, na amin'ny ranomasina, na amin'ny hazo akory aza.*

*Ary nahita anjely iray hafa aho nidina avy tany an-danitra, nanana ny tombokasen'Andriamanitra velona: . . .*

197 Oh, aoka hahazo antoka, fanontaniana iray mahafinaritra ity. Hitanareo? Ankehitriny, diniho ny sary an-tsehatra iray; nilaza i Jaona ankehitriny, eto . . . lavitry ny tany ankehitriny, ao amin'ny Fanahy, mijery mitodika mankany amin'ny tany. Ary nahita anjely efatra nitsangana teo amin'ny vazan-tany efatra izy, nihazona ny rivotra efatry ny tany.

198 Ankehitriny, “rivotra,” ao amin'ny Baiboly . . . Tsy manam-potoana hijerena ny Soratra ho anareo aho. Fa afaka ho tonga eo amin'izany isika. Raha tsy voavaly tsara ilay izy, amin'izay fotoana izay dia horaisiko ilay izy amin'ny fotoana iray hafa. Ireo efatra . . . Ireo rivotra, ao amin'ny Baiboly, dia midika hoe “ady sy fifandirana.” Tahaka ny tamin'ny andron'i Joba, tsaroanareo, tonga ireo rivotra ary—ary naka an'ireo zanany. Ary fantatrareo izay tiako lazaina, izany—izany dia—olana izany. Hitanareo?

*. . . ary nahita anjely efatra aho (anjely efatra, na “iraka efatra”), izy ireo dia nitsangana teo amin'ny faran'ny . . . na vazan-tany efatra, mihazona an'ireo rivotra efatra . . .*

*. . . ary niantsoantso tamin'ny feo mahery tamin'ireo anjely efatra izy, izay navela mba—mba hanimba ny tany sy ny ranomasina. (Ankehitriny, ny fihavian'ny Tompo izany, izay resahany. Hitanareo?)*

*Nanao hoe, Aza manimba ny tany, na ny ranomasina, na ny hazo, mandra-panisinay tombokase eo amin'ny handrin'ireo mpanompon'Andriamanitsika. (Mpanompo.)*

199 Ankehitriny, tsarovy, ilay Fiangonana dia tsy Mpanompony. Zanany isika, fa tsy Mpanompony. Ny Jiosy no efa Mpanompony foana. Tsy mbola Mpanompony mihitsy ilay Fiangonana, Zanany Izy. Hitanareo? Ireo mpanompo:

*Ary nahare ny isan'ireo . . . izay voaisy tombokase aho: ary nisy efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy no voaisy tombokase tamin'ny rehetra avy tamin'ny fokon'ny zanak'Isiraely. (Ankehitriny, jereo, ny rehetra dia Jiosy.)*

200 Diniho ankehitriny! “Avy tamin’ny fokon’i Joda dia roa arivo amby iray alina. Ny fokon’i Robena, roa ambin’ny folo. Ny fokon’i Gada, roa ambin’ny folo. Asera, roa ambin’ny folo. Ary an’i Naftaly, roa ambin’ny folo, ary—ary mitohy midina. Simeona, roa ambin’ny folo. Ary Asera, roa ambin’ny folo. Ary Zebolona, roa ambin’ny folo. Ary Benjamina, roa ambin’ny folo.” Ary foko roa ambin’ny folon’ny Isiraely, noho izany roa ambin’ny folo ampitomboina roa ambin’ny folo... dia inona? Efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy. Ankehitriny, diniho, ny rehetra dia avy amin’ireo fokon’ny zanak’Isiraely. Diniho ankehitriny, izy ireo dia “mpanompo” an’Andriamanitra.

201 Ankehitriny angamba dia afaka manao an’izany hazava aho. Jereo izao:

*Taorian’izany... nijery, ary, indro, ary hitako ny vahoaka betsaka, tsy tambo isaina, (ankehitriny, indro ny vondrona iray hafa, hitanareo) avy amin’ny firenena rehetra, ... fokon-pirenena, ... fiteny, sy olona, mitsangana eo anoloan’ny seza fiandrianana, sy eo anatrehan’ny Zanak’ondry, manana fotsy... manana... Zanak’ondry, mitafy akanjo fotsy lava, ary sampan-drofia no eny an-tànany;*

*Ary izy ireo niantso tamin’ny feo mahery, nanao hoe, ... (Henoy ity fivorian’ny Fanahy Masina ity!)... Ny famonjena anie ho an’Andriamanitsika, izay mipetraka eo ambonin’ny seza fiandrianana, sy ho an’ny Zanak’ondry.*

*Ary ny anjely rehetra... manodidina teo—teo amin’ny seza fiandrianana, sy ny loholona sy ny zava-manan-aina efatra, ... niankohoka tamin’ny tavany teo anoloan’ny seza fiandrianana, ka nivavaka tamin’Andriamanitra,*

*Nanao hoe, Amena: Saotra, ... voninahitra, ... fahendrena, ... fisaorana, ... haja, ... hery, ... faherezana, ho an’Andriamanitsika mandrakizay sy mandrakizay. Amena.*

*Ary ny iray amin’ireo loholona... (Ankehitriny, diniho ankehitriny, izany dia... tao amin’ny fahitana i Jaona)... ny iray tamin’ireo loholona nilaza... namaly ahy, nanao tamiko hoe, Iza ireo... (Ankehitriny, Jiosy iray i Jaona ary nahita an’ireo foko roa ambin’ny folon’ny Isiraely izy, fantany izy ireo) ... Fa iza ireo miakanjo akanjo fotsy lava ireo? ary avy taiza izy ireo? Avy taiza izy ireo? Ankehitriny, efa hitanao ireo Jiosy, fantatrao ny tsirairay avy amin’izy ireo, nanisa azy ireo isaky ny foko ianao ka niteny hoe firy arivo no voaisy tombokase. Fa iza moa ireto avy amin’ny fokon-*

pirenena rehetra, fiteny, ary firenena ireto? Avy taiza izy ireo?

*Ary hoy aho taminy hoe, Tompoko, ianao no mahafantatra. (Jaona, amin'ny teny hafa, "Tsy fantatro hoe avy aiza izy ireo. Jiosy iray aho ary mitsangana eto, ary hitako ny—ny oloko ary hitako ireo izay eto.")... Ary hoy izy tamiko hoe, Ireo dia ireo izay nivoaka avy tamin'ny fahoriana lehibe,... (Hitanareo?)... fahoriana lehibe, ary ny akanjony nosasany, sy nofotsiany tamin'ny rà (tsy ny maha-mpikambana ao amin'ny fiangonana), fa amin'ny ràny Zanak'ondry. (Hitanareo?)*

*Noho izany izy ireo dia eo anoloan'ny seza fiandrianan'Andriamanitra, ka manompo azy andro aman'alina eo amin'ny tempoly:...*

<sup>202</sup> Ankehitriny, aiza no manompo ahy Rtoa. Branham? Ao an-trano. Ny Ampakarina izany. Rtoa. Neville, eo no ipetrahanany, ao an-trano, manompo anao. Eo no misy ny Ampakarina, fa tsy ireo mpanompo, ny Ampakarina.

*... manompo... ao amin'ny tempoly: ary izy ireo... mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana dia honina miaraka amin'izy ireo.*

*Ary tsy ho noana intsony izy ireo,... (Tsy nanana sakafo vitsivitsy izy ireo, toa tahaka an'izany (sa tsy izany?) fony izy ireo teto) ... tsy ho noana intsony, na hangetaheta koa izy ireo... tsy handoro azy ireo koa ny masoandro, na izay hafanana akory.*

*Fa ny Zanak'ondry izay eo afovoan'izy ireo no hitarika azy sy hamahana azy ireo, ary hitarika azy ireo ao amin'ny—hankany amin'ny velona... (iray minitra fotsiny)... loharano velon'ny rano: ary Andriamanitra no hamafa... ny ranomaso rehetra (andiany iray mitomany izay niditra tao izany) avy amin'ny mason'izy ireo. (Hitanareo?)*

<sup>203</sup> Ankehitriny, mariho, noana sy nangetaheta izy ireo, sy nitomany, ary nitoloko sy nitalaho, avy amin'ny fahoriambe izy ireo (hoy izy ireo, "Jereo io andiana holy-rollers io, oh, adala izy ireo!"). Oh, oadray! Hia. Hitanareo? Saingy nitomany izy ireo ary nitalaho, tsy nifamaly sy nikorontana izy ireo. Ary nitomany sy nitalaho fotsiny izy ireo. Ary, hitanareo, izy ireo dia fokom-pirenena rehetra, fiteny, ary firenena.

<sup>204</sup> Ankehitriny, ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, ireo Jiosy izany. Abrahama dia mpanompon'Andriamanitra. Efa mpanompon'Andriamanitra foana ireo Jiosy. Ny Jentilisa dia tsy mbola Mpanompony mihitsy.

205 Ankehitriny, tsy maintsy mamarana haingana an'ity mihitsy ankehitriny, satria manana roa na telo amboniny isika. Ary handeha haingana fotsiny haingana arak'izay vitako aho, ary tsy hiezaka hihoatra an'ireto. Saingy hiverina avy hatrany aho ary haka azy ireo indray amin'ny Alahady heriny (raha sitraky ny Tompo) ary handany fotoana bebe kokoa amin'izy ireo.

206 Fa, jereo ankehitriny, hitany ny vazan-tany efatra rehetra, ary ireo anjely nitsangana teo amin'ny vazan-tany efatra. Ankehitriny, hoy ianareo hoe, “Nihevitra aho fa boribory ilay izy”; tsy manakana azy tsy hanana zorony efatra izany, hitanareo. Eny àry.

207 Ankehitriny, “Amin'ny vazan-tany efatra, mihazona ny rivotra efatra.” Amin'ny teny hafa, indro tonga ireo rivotra, nitsoka tao amin'ireo ady sy fifandirana izay tonga nanerana an'izao tontolo rehetra izao. Oviana no nitranga izany? Tsy talohan'ny Ady Lehibe Voalohany mihitsy. “Mihazona ny rivotra,” ary niady izy ireo, niditra mba hanapaka.

208 Ary ankehitriny, indro tonga ny Anankiray hafa. Ankehitriny, raha handinika sy hitodika amin'io Anjely io ianareo, dia izy no ilay Anjely iray ihany izay nivoaka ao amin'ny Ezekielia 9, rehefa tonga avy tao ambadiky ny vavahadiny ireo lehilahy ireo mitondra fiadiana famonoana ary nandeha nitety an'i Jerosalema hamono an'ireo Jiosy. Tsaroanareo ve? Hoy Izy hoe, “Hazòny izany! Hazòny izany! Ajanòny izany, mandra-pandehanareo hitety ny tanàna ka hanisy marika eo amin'ny handrina rehetra an'izay misento sy mitaraina nohon'ny fahavetavetana atao ao an-tanàna.” Marina ve izany?

209 Avy eo, rehefa avy nanao an'izany Izy, dia Navelany hiditra sy hamono izy ireo. Izany no fanenjehana teo ambanin'i Titus. Ankehitriny, hitanareo, izy no ilay Anjely iray ihany, nivoaka indray, avy any Atsinanana (dia izay hihavian'i Jesosy) ary nanana ny Tombokasen'ilay Andriamanitra Velona Izy. Voninahitra!

210 Ankehitriny, inona ny Tombokasen'ilay Andriamanitra Velona? Oh, raha tsy izany no fifamaliana goavana iray eto amin'izao tontolo izao amin'izao andro izao! Ny sasany dia milaza fa ny fitandremana ny andro sabata izany, ary ny sasany dia milaza fa izany dia mba hanao an'ity sy *itsy*. Fa hoy ny Baiboly hoe “Ny Fanahy Masina no Tombokasen'Andriamanitra”! Hoy ny Efesiana 4:30 hoe, “Aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra izay nanisiana tombokase anareo mandra-pahatongan'ny andro fanavotana anareo.” Hitanareo? Eny àry. Ny Fanahy Masina izany.

211 Avy eo dia inona no tonga? Ankehitriny, jereo! Oh, rehefa mieritreritra an'ity aho, dia mitroatra ny foko. Ankehitriny dia hoy Izy hoe, “Hazòny ny rivotra efatra

mandra-paha” (amin’ny teny hafa) “anisianay tombokase an’ireo mpanompon’Andriamanitsika eo amin’ny handriny.” Ireo *mpanompo*, ireo “Jiosy.” (Nitodika i Jaona, nanao hoe, “Nahita efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy voaisy tombokase aho.”) Ankehitriny, nanomboka niditra ireo rivotra rehetra, ary ho nandrakotra ny tany izy ireo ary ho efa niseho ny adin’ny Hara-magedona tamin’ny Ady Lehibe Voalohany, saingy . . .

<sup>212</sup> Ankehitriny dia tsy maintsy maka Soratra iray hafa aho eto hanehoana aminareo. Jesosy dia niresaka mikasika ny olona izay . . . Hoy Izy hoe, “Ny sasany dia tonga tamin’ny ora iray, sy ora iray hafa, ary izy ireo dia olon’ny ora fahiraika ambin’ny folo. Ny olon’ny ora fahiraika ambin’ny folo.” Ankehitriny, ianareo izay ara-panahy dia vakio eo anelanelan’ny andalana, satria tsy maintsy mandingana aho eto ary handeha haingana. Ankehitriny, jereo. “Midira, ry olon’ny ora fahiraika ambin’ny folo.” Ary izao ankehitriny izao . . . “Niditra ny voalohany ary nahazo denaria iray, ary niditra ny manaraka ary nahazo denaria iray, ary nahazo an’ilay denaria iray ihany izay azon’izy ireo tamin’ny voalohany ny olon’ny ora fahiraika ambin’ny folo.” Marina ve izany? Ny ora fahiraika ambin’ny folo!

<sup>213</sup> Ankehitriny, diniho, ny Jiosy no mari-drefy, manaraka azy isika ankehitriny. Ankehitriny, rehefa tonga ny Ady Lehibe Voalohany, dia naka ny Jiosy rehetra izany, niparitaka tany amin’ny firenena rehetra izy ireo. Tahaka an’ilay Soratra voalohany izay nanontaniana androany, ahoana no Nanaparitahany azy ireo tany anivon’ny firenena rehetra, any izy rehetra. Ary indro tonga ireo rivotra niditra tao Jerosalema, hatraiza hatraiza, ady lehibe iray.

<sup>214</sup> Ary hoy Izy hoe, “Hazòny! Ajanòny izany, mandra-panisinay tombokase an’ireo mpanompon’Andriamanitsika.” Amin’ny teny hafa, “Mampiditra azy ireo avy amin’ny firenena rehetra izahay, hatraiza hatraiza, mampiditra azy ireo satria tsy maintsy manana azy ireo eto mihitsy izahay mba hanisy tombokase an’io efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy io. Hazòny izany!”

<sup>215</sup> Ary ilay Ady Lehibe I dia nijanona tamin’ny volana fahiraika ambin’ny folo amin’ny taona, ny andro fahiraika ambin’ny folo amin’ny volana, ny ora fahiraika ambin’ny folo amin’ny andro, mba ahafahan’ny olon’ny ora fahiraika ambin’ny folo miditra. Ny antso farany ho an’ny Jiosy! Ary handray an’ilay batisan’ny Fanahy Masina iray ihany izy izay noraisin’izy ireo tany amin’ny voalohany tany tamin’ny Pentekosta, hatao batisa amin’ny fomba iray ihany, ary ny zavatra rehetra, miditra ny olon’ny ora fahiraika ambin’ny folo.

<sup>216</sup> Hoy Izy hoe, “Hazòny izany, ankehitriny, mandra-panisinay tombokase.”

“Mandra-pahoviana no Hihazonanao azy?”

217 “Mandra-panisinay tombokase an’ireo mpanompon’Andriamanitsika. Ankehitriny, izahay—manisy tombokase an’ireo Jentilisa izahay, voaisy tombokase izy ireo, an’alinaliny amin’ny alàlan’ireo fanenjehana sy fahoriambe ireo, voaisy tombokase izy ireo. Fa andraso iray minitra! Iray minitra fotsiny! Aza mamela ny fan- . . . Aza mamela an’ilay fotoana ho tonga mandra-panisinay tombokase an’ireto mpanompo ireto.” Ary efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy no nasiany tombokase.

218 Avy eo dia navotsotra indray ireo rivotra. Ankehitriny, mariho, ary hatramin’ny Ady Lehibe Voalohany dia nisy tsy ankitsahatra ny fanenjehana ny Jiosy. Nitsangana i Hitler tamin’ny Ady Lehibe Faharoa, ary rehefa nitsangana izy, dia nanomboka . . . Inona? Saika handrava an’izao tontolo rehetra izao mihitsy izy. Marina ve izany? Saika handrava azy izy, ary manerana mihitsy. Eny, izany izy.

219 Tsy maintsy ho Kominisma ny zavatra rehetra. Tsaroanareo ve rehefa saika hametraka ahy tao am-ponja izy ireo teto? Nitory an’ity zavatra iray ihany ity aho teto tao amin’ny Redman’s Hall tamin’io hariva io. Eny, tompoko. Nanao hoe, “Hisy isma telo. Ary izy rehetra dia hitsofoka ao anatin’ny isma anankiray, ary io isma io no hitondra fanenjehana iray izay handefa an’i Jesosy Kristy eto an-tany indray.” Ary nisy marina tokoa izany. Ary Kominisma izany, ary—ary Hitler sy—sy Nazi, sy ny sisa; ary ahoana io Fasisma an’i Mussolini io, sy Hitler, ary Stalin. Hoy aho hoe, “Ny iray amin’izy ireo no haka an’ilay toerana. Tsy fantatro hoe ho iza izany, saingy mino aho fa ho ny mpanjakan’ny Avaratra izany.” Azo antoka fa tsaroanareo ireo zavatra ireo ary ahoana no nampianarana azy ireo tato; ary Rahalahy Mahoney, sy ianareo rehetra avy any lavitra any, dia mahafantatra.

220 Ary hoy izy ireo hoe, “Raha mitory an’izany ianao . . .”

221 Ary amin’ity zavatra N.R.A. ity, hoy aho hoe, “Tsy izany no mariky ny bibidia, tsy izany tokoa. Fanilohana ara-pivavahana iray ilay izy; fa tsy izany.” Hoy aho hoe, “Mpialoha lalana iray fotsiny izany mba hanao ny olona ho vonona, ary mahafantatra fa izany no fiandohana, eto mihitsy no fiandohan’ny alahelo, eto mihitsy no anombohantsika. Eto mihitsy no—no manomboka manakaiky ilay fotoana. Ankehitriny, mariho, eo amin’izany fotoana izany.”

222 Ankehitriny, tonga amin’ireo Jiosy ny fanenjehana, ary manomboka manenjika azy ireo avy amin’ny firenena rehetra izy ireo ka mandroaka azy ireo hankany Jerosalema mihitsy. Marina ve izany? Ny tsirairay avy, mandeha avy hatrany izy ireo . . . Ary hanana efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy Izy. Jereo eto lavidavitra kely ao amin’ny Apokalypsy izay misy an’i Jaona . . .



223 Nilaza tamiko Atoa. Bohanon teto, nanao hoe, “Tsy afaka namaky an’io Apokalypsy io aho.” Hoy izy, “Nisy ny Ampakarina nitsangana teo amin’ny Tendrombohitra Sinay.” Hoy izy, “Nisy ny Ampakarina tany An-danitra ambony tany.” Ary hoy izy, “Nisy ny Ampakarina, ary ny rano . . . namoaka rano tamin’ny vavany ny dragona mba hiady Aminy.” Hoy izy . . .

224 Hoy aho hoe, “Atoa. Bohanon, ny zavatra amin’ilay izy dia, manana an’ilay zavatra diso ianao, miantso an’izany hoe ny ‘Ampakarina.’” Hoy aho hoe, “Ireo Jiosy no hitsangana eo amin’ny Tendrombohitra Sinay, ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy. Ny Ampakarina, marina tokoa, dia efa any An-danitra niaraka tamin’i Jesosy. Ary ilay dragona izay namoaka rano avy tamin’ny vavany dia hiady amin’ilay *sisa nanamborana* amin’ny Taranaky ny vehivavy.” Izany dia *ity* vondrona teto ity izay tsy maintsy nidina, fa tsy *itsy*. Hitanareo? Ilay *sisa nanamborana* amin’ny Taranaky ny vehivavy, “ny fiangonana nohamasinina,” nefa tsy nandray ny Fanahy Masina, izany ireo niadiany. Hitanareo?

225 Indro izy ireo, misy foko telo. Ataovy ao an-tsaina foana ireo telo ireo. Ary *eto* no nahitany, manodidina, an’ity efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy ity nanodidina an’io Ampakarina lehibe navotana io. Io *sisa nanamborana* io no tavela, eo izy ireo, izany dia ireo Jiosy, eo, voaisy tombokase, ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy. Indro ireo izay nohamasinina, izay nandà ny handray ny Fanahy Masina. Ny fiangonana dia hanenjika hanohitra . . .ny—ny fiangonana Romana sy izy ireo no hanenjika azy ireo. Fa ny Ampakarina dia efa nakarina ary any An-danitra. Eo izy ireo, tafapetraka marina tokoa araka ny nolazain’ny Baiboly fa hisy azy ireo. Hitanareo?

226 Noho izany ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy dia Jiosy, mpanompon’Andriamanitra. Ary rehefa toriana amin’izy ireo ny Filazantsaran’ny Fanahy Masina, ka mandray ny batisan’ny Fanahy Masina tahaka ny nataon’izy ireo marina tokoa tany amin’ny voalohany izy ireo, dia tapitra ny fizaram-potoan’ny Jentilisa, voaisy tombokase ilay Fiangonana, tonga ny Fampakarana.

227 Ireo andron’ny Jentilisa, efa notoriana hatraiza hatraiza ny Filazantsara, novelesina teo anivon’ireo Jentilisa, misintona an’ilay harato, miezaka ny hampiditra ny trondro tsirairay izay misy ao anaty rano. Ary jereo izy ireo, ny goavana indrindra . . .? . . .Ilay hazan-drano dia sokatra sy ny halandrano daholo, sy ny *sisa*. Vantany vao tapitra fotsiny ilay fifohazana dia miverina any amin’izao tontolo izao indray izy ireo. Ny trondro dia efa saika voaisy tady. Hitanareo ve izay tiako lazaina?

228 Efa notoriana ny Filazantsara! Tsy mandre tomany intsony ianareo, tsy misy fitolokoana intsony, tsy misy fisentoana

intsony, tomany ho an'ny batisan'ny Fanahy Masina. Tian'izy ireo ny miditra, hia, mametra-tànana eo amin'izy ireo amin'anjatony izy ireo, nefa manao hadalana sy mandihy, angamba, na zavatra hafa tahaka an'izany. Mety tsara izany, fa ireo toetra fotsiny izany.

<sup>229</sup> Ilay Tenan'i Kristy Jesosy no mamokatra an'ilay tena zavatra, ary mitahiry an'io olona io ho voaaro ao amin'i Kristy mandra-Pihaviny. Io Izy. Ary ankehitriny, ary izany no antony tsy isian'ny tomany intsony, efa saiky mihidy mihitsy ireo varavarana. Efa nivoaka mihitsy ny harato, saiky tamin'ny fotoany farany mihitsy, vitsivitsy fotsiny no hosintonina tahaka an'izany mba hiditra ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra. Eo am-pikatonana ireo varavarana!

<sup>230</sup> Avy eo dia inona ilay zavatra manaraka? Tsy maintsy handray ny Fanahy Masina ireo Jiosy ary hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Nenjehina sy nesoina foana izy ireo; ary, any, vantany vao aseho azy ireo ny Fanahy Masina, dia mandray ny batisan'ny Fanahy Masina izy ireo. Akarina ilay Fiangonana Jentilisa. Ary ireo izay nandà, sy nandeha teo ambanin'ny fanamarinana fotsiny, ny dragona (ilay hery Romana) dia mamoaka ny rano, izay hitambatra amin'ny Kominisma, ary hitondra ny fiangonana ao amin'ny fanenjehana iray tahaka an'izany. Eo izy ireo vita sary marina tokoa.

<sup>231</sup> Oh rahalahy, rehefa mahita an'izany tonga isika, dia izany no antony ivavahako, izany no antony itarainako amin'Andriamanitra hoe, "Tompo, te-ho any amin'ireo Jiosy ireo aho. Avelao aho hanomboka any Afrika any, hiasa miaraka amin'ny vitsivitsy amin'ireo Jentilisa sy Mohametana ireo. Ary avelao aho hankany Inde ary hiezaka hamokatra sy haneho amin'izy ireo an'ilay tena Jesosy Kristy Tompo miaraka amin'ny Heriny, ireo Fahagagany, Ny Batisany, ny zavatra rehetra, ary ny Fanahy Masina." Avy eo rehefa tonga any Jerosalema izy ireo . . .

<sup>232</sup> Rahalahy Beeler, ity ilay nanontaniana. Rehefa tonga any Jerosalema izy ireo ka mitsangana any, ary manao hoe, "Ankehitriny, raha Jesosy no Zanak'Andriamanitra izay nitsangana tamin'ny maty, dia mahafantatra an'ireo zavatra tahaka ny Nataony tany aoriana tany tamin'ny voalohany mihitsy Izy, afaka mamokatra an'ilay Fiainana iray ihany izay Nataony tany aoriana tany Izy. Ary raha manao Izy, dia hanaiky Azy ho Mpamonjinareo manokana ve ianareo?" Ary avy eo dia maneho fa Andriamanitra amin'ny alàlan'ny Heriny lehibe sy ireo zavatra ny Heriny manangana, Izy no miaraka amintsika.

<sup>233</sup> Avy eo rehefa manao an'izany izy ireo, manao hoe, "Ankehitriny, ianareo izay nandray Azy ho Mpamonjinareo manokana . . ." Manantena aho fa hisy an'arivony amin'izy ireo.

Manao hoe, “Ilay Fanahy Masina iray ihany izay nilatsaka tamin’ny Andron’ny Pentekosta dia eto mihitsy ho anareo.”

<sup>234</sup> Noho izany ny Filazantsara dia miverina any amin’ny Jiosy mihitsy amin’io fotoana io. Avy eo dia hisy fifohazana iray eo anivon’ireo Jiosy ireo izay hitondra an’alinaliny ary... efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, ao amin’ny Fanjakan’Andriamanitra, no ho voaisy tombokase amin’ny alàlan’ily Anjely mpanisy tombokase.

<sup>235</sup> Matoky aho fa avy any Atsinanana Izy. Tahaka an’izany no maha-izy Azy amintsika ankehitriny, miaraka amin’ny Tombokaseny eny an-Tànany. Noho izany, oh, te-ho tafangona ao anatin’ny aho. “Nandefa fanenjehana Aho teto sy fanenjehana tetsy, ary nanaraka an’ireo Jiosy Aho ka nandroaka azy ireo mafy arak’izay Vitako. Ary niverina izy ireo. Jiosy maro eto Etazonia (izay tsy handosiran’izy ireo) no efa nandray ny Fanahy Masina. Saingy manana ny efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy rehetra Aho mitsangana any izay handray ny batisan’ny Fanahy Masina.”

<sup>236</sup> Ary eo mihitsy, vantany vao manomboka manisy tombokase an’io efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy io ity Anjely mpanisy tombokase ity, dia mikatona ny varavaran’ily Fiangonana Jentilisa, ary ireo Jiosy no mitondra ny Fanahy Masina mankany amin’ireo Jiosy. Ary hanana fifohazana iray izy ireo izay hitety an’izao tontolo rehetra izao. Haleloia! Ary ho voaseho eo anivon’ireo Jiosy ny herin’Andriamanitra. Oh, mahagaga toy ny ahoana! Fioo! Oh, oadray!

<sup>237</sup> Mamelà ahy hahita, haingana mihitsy, “Isaia.” Hitantsika ilay “zanakalahin’Andriamanitra.” Ankehitriny dia ndao jerentsika:

### **Ny Isiraely ve . . . ?**

<sup>238</sup> Jereo raha afaka mamaky an’ity ianao, rahalahy. Izaho . . . Karazana nifangaro ilay izy, nokosehiny indroa ilay izy. Ary hitady anankiray hafa aho. Raha sitrakao, azafady. [Mamaky an’ily fanontaniana Rahalahy Neville—Mpond.]

**14. [Tsy ny dikan’ny Isaia mikasika “ny manefy an’ireo sabatra ho lasa fangady” ve dia hoe hiseho mandritry ny fanjakana arivo taona an’i Kristy, fa tsy hoe zavatra izay azon’ny olona entina, araka ny tenenin’ny mpivavaka moderina maro amintsika?]**

<sup>239</sup> Na iza na iza ianao, ry rahalahiko na anabaviko malala, toy ny hoe sora-tànan-dehilahy iray, fa, na ahoana na ahoana, na iza na iza ianao, dia marina tokoa ny anao! Amin’izany no hotefena ireo fangady, na, rehefa hotefena ho lasa fangady ireo sabatra. Izany no hitondra ny Fanjakana Arivo taona. Ary ireo sekta ara-pivavahana moderina rehetra izay mandeha manerana miezaka mampianatra ny olona hiditra ao amin’ny Fanjakan’Andriamanitra . . . Amin’izany no

hahatongavan'Andriamanitra Izy tenany ao anatin'ilay Vatana ivelan'ny voajanahary sy ao amin'ny Hery ivelan'ny voajanahary, ho an'ny vahoaka iray ivelan'ny voajanahary mino, ary handray Hery ivelan'ny voajanahary izay handasitra an'ireo zanak'Andriamanitra. Haleloia! Tsy ho famakiana intsony izany, fanoratana, aritmetika, izany dia ho amin'ny alàlan'ny herin'ny fitsanganan'i Jesosy Kristy. Tsy hianatra ady intsony izao tontolo izao.

<sup>240</sup> Ny firenena tsirairay amin'izao andro izao, ny hery tsirairay, ny fanjakana tsirairay, dia fehezin'ny devoly. Ny Baiboly no miteny an'izany. Ary indray andro any ny fanjakan'ity izao tontolo izao ity dia ho lasa fanjakan'ny Tompontosika sy Ny Kristiny, ary hanapaka sy hanjaka arivo taona ambonin'ny tany Izy; ary hampakatra an'ilay Fiangonana. Marina tokoa, marina tokoa izany, ry mpamaky malala.

<sup>241</sup> Ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy dia mpanompo. Ilay isa betsaka izay tsy hain'ny olona . . . "Vahoaka maro tsy tambo isaina," dia ireo Jentilisa.

<sup>242</sup> Iray minitra fotsiny ankehitriny, zavatra kely iray amboniny eo. Izaho tsy afaka. Hanao vavaka iraisan'ny fiangonana fotsiny aho avy eo, afaka minitra vitsy. Jereo eto, heveriko fa Ity no manan-danja kokoa ankehitriny. Te-hivavaka ho an'ny marary aho, fa handeha haingana isika. Raha tokony hanana famantarana, dia handeha avy hatrany mihitsy isika. Te-hanontany zavatra aminareo aho. Misy iray hafa mihitsy aza ity. Tsy maintsy alaiko fotsiny ity ary valiako izy amin'ny Alahady heriny, heveriko.

<sup>243</sup> Jereo, ry sakaiza, eo amin'ity, tsara tarehy toy ny ahoana! Jereo! Tiako ianao ankehitriny handinika, tsara, ity olona izay nametraka an'ity fanontaniana ity. Ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, ankehitriny, izany dia ireo mpanompo, hanompo izy ireo. Raha nahamarika ianao, ara-toerana, ao amin'ny Soratra taloha . . .

<sup>244</sup> Jereo foana ny aloka raha te-hahita ianao hoe inona ilay pozitifa. Marina izany. Mijere any aoriana, jereo hoe inona ilay izy. Ankehitriny, mifamadika izany nanomboka tamin'ny Hazo fijaliana, ary jereo ilay pozitifa raha te-hahita ianao hoe inona ilay aloka. Tany aoriana, niankina tamin'ny Hazo fijaliana ilay izy, tsy maintsy nijery isika (tany aoriana tany) mba hahita ny aloka, mba hahita hoe ho inona ny Hazo fijaliana; ankehitriny dia tsy maintsy mijery avy amin'ny Hazo fijaliana ianao, mba hitodika any aoriana ka hahita hoe inona ilay aloka. Hitanareo? Jereo hoe inona i Kristy tamin'ireo andro naha-teto an-tany Azy, izay naha-izy Azy tamin'izany no maha-izy Azy ankehitriny. Ity no Alokany. Hitanareo ve izay tiako lazaina? Fantatrareo, tany amin'ny voalohany rehefa nanazava an'izany aho, dia izany ilay izy. Ankehitriny, raha mijery avy any aoriana aho eo, dia tsy

maintsy mijery aho hoe inona ilay aloka mba hahitana hoe ho inona izany, inona ilay Hazo fijaliana.

<sup>245</sup> Ankehitriny, indray andro dia nisy fahotana tao Israely, ary nisy lehilahy iray . . . avy tamin'ny foko amin'ny anarana hoe Levy. Notsoahan'izy ireo ny sabany ka nandeha niaraka tamin'i Mosesy nankany amin'ny toby izy ireo, ary nandringana ny zavatra rehetra izay fahotana. Marina ve izany? Nijery ambany Andriamanitra ka nanao hoe, "Satria nanao an'izany ianareo ka nanohana Ahy, ny . . . ireo hafa rehetra ireo dia hanompo anareo. Ary mandehana avy hatrany mankao an-tempoly amin'ny mahampisorona." Marina ve izany? "Mijanona tsara ao an-tempoly ianareo, ary ny sisa amin'izy ireo dia hiasa ka hitondra ny ampahafolony ary hikarakara anareo." Marina ve izany?

<sup>246</sup> Oh, haleloia! Raha afaka mahita ianareo hoe inona io tempoly io, hoe ireo Levita dia ny Ampakarina. Ankehitriny, rehefa mipoitra amin'ny lafiny rehetra ny fahotana, dia manatsoaka ny sabany ireo Levita. Ny Ampakarina nateraky ny Fanahy Masina dia mitsangana, manao hoe, "Jesosy Kristy ao amin'ny pozitifa no Jesosy Kristy ao amin'ny negatifa, ilay iray ihany mihitsy. Mbola fahotana foana ny fahotana, ratsy ny manao an'ireo zavatra ireo!" Marina izany, mijoro eo miaraka amin'ny Sabatra izy ireo.

<sup>247</sup> Hoy Andriamanitra hoe, "Avia ianareo ankehitriny, ilay notahian'Ny Raiko." Ny Ampakarina izany.

<sup>248</sup> Io ireo mpanompo, ary jereo hoe taiza no nitoby ireo mpanompo. Roa ambin'ny folo eo amin'ity ilany ity . . . Ny tiako lazaina, dia efatra eo amin'ity ilany ity, efatra eo amin'itsy ilany itsy, efatra eo amin'itsy ilany itsy, ary efatra eo amin'itsy ilany itsy; foko roa ambin'ny folo. Ireo foko roa ambin'ny folo dia ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy. Jereo ao amin'ny Bokin'ny Apokalypsy, nahita ny Tanàna izy miaraka amin'ny fotony roa ambin'ny folo. Teo amin'ny vavahady tsirairay dia nisy anaran'ny apostoly iray, ary vavahady roa ambin'ny folo. Ary nanodidina an'izany ireo foko roa ambin'ny folo, (haleloia!), nipetraka manodidina.

<sup>249</sup> Ary tao anatin'ny tao no nisy an'ilay Navotana. Haleloia! Mainty, fotsy, mavo, volontany, ary izay rehetra voasasan'ny Rà dia ho Mpanompony, nilaza Izy fa hiaraka Aminy izy ireo. Izy ireo dia . . . Tsy hilatsaka eo amin'izy ireo intsony ny masoandro, tsy ho noana na hangetaheta intsony izy ireo, ary mandritra ny Taona lehibe iray tsy manam-pahataperana no hiainany sy hanjakany miaraka amin'i Kristy mandrakizay: Izy, ilay Mpanjaka; ary izy ireo, ilay Mpanjakavavy. Manapaka ary manjaka mandrakizay!

<sup>250</sup> Ny Tompo hitahy anareo. Amena. Hotehiriziko ireto; raha sitrak'Andriamanitra, dia hiverina miaraka amin'izy ireo indray aho, angamba rahariva, ary hamaly azy ireo rahariva na

rahoviana ny Rahalahy...hivory miaraka isika ary hiresaka. Ny Tompo hitahy anareo. Tia Azy amin'ny fonareo rehetra ve ianareo?

Oh, te-hahita Azy aho, te-hijery ny Tavany,  
Ho velona mandrakizay any nohon'ny  
Fahasoavany mamonjy;  
Avelao aho hanandratra ny feoko eo amin'ireo  
lâmben'ny Voninahitra;  
Rehefa tapitra ireo fiahiana, ao an-trano ihany  
amin'ny farany, mba hifaly mandrakariva. (Oh,  
oadray!)

Raha manao dia manerana an'ity tany ity aho,  
mihira aho raha mandeha,  
Manondro an'ireo fanahy mankany Kalvary,  
mankany amin'ilay riaka jaky, (Tsy—tsy  
mankany amin'ny fiangonana; mankany  
Kalvary.)

<sup>251</sup> Eo no tondointsika; tsy miankina amin'ny teolojia iray, fa mankany amin'ilay riaka jaky, mankany amin'i Jesosy Kristy. “Ny aina dia ao amin'ny rà,” ary Izy no Ràn'Andriamanitra izay Aintsika izay mipetraka ao anatintsika ankehitriny. Isaorana anie ilay Tady izay mamatotra!

<sup>252</sup> Raha handeha hivavaka ho an'ny marary isika, dia mila ny—manokana iray aho izao ankehitriny izao. Tiako Ranabavy Gertie sy ny zananivavy, raha sitrak'izy ireo, ho avy eto. Ary ity ilay hira fahiny tany am-boalohany, izay tiako hirainareo ho ahy, *Minoa Fotsiny*. Tsaroako, nandeha teo amin'io varavarana io aho, ary nanaraka ahy nanerana ny firenena rehetra io hira io. Ary izaho—tiako izy ireo hihira, izy no voalohany nitendry azy, rehefa nandre azy voalohany aho. Namako iray no nanoratra azy, Paul Rader. Ary, alohan'ny hivavahantsika ho an'ny marary, dia tiako izy ireo hihira an'izany raha mbola mitoetra eo amin'ny olona ireo fitahian'Andriamanitra ho an'ny marary.

<sup>253</sup> Naka fotoana betsaka izahay. Miala tsiny, Rahalahy Neville. Andriamanitra hitahy anao. Tianareo ve ireo fanontaniana? Izaho tia. Oh, ary tena tsara izy ireo, tena tsara fotsiny izy ireo. Ary misy andiana iray hafa mihitsy. Ary, raha ny marina, ny sasany amin'izy ireo dia mbola tsy vita tsara tokoa, oh, misy betsaka amin'izy ireo mihitsy no ho vitaina. Enga anie ny Tompo hitahy.

<sup>254</sup> Ianareo rehetra hazòny eo amin'i Kristy ny sainareo ankehitriny, ary ndao isika hiova avy amin'ireo fanontaniana hankany amin'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra. Firy eto no hivavahana? Aoka ho hitanay ny tãanareo, te-hivavahana. Eny àry, hitondra azy ireo isika ary hivavaka ho azy ireo afaka fotoana fohy fotsiny, vantany vao mihira an'io hira mahafinaritra io ireo anabavintsika. Raha mbola miomana

izy ireo, mihantona eo amboninareo mihitsy ankehitriny ny Fampanantenana, ity Ny Baiboliny.

[Mihira ny *Minoa Fotsiny* Ranabavy Gertie sy ny zananivavy—Mpand.]

Minoa fotsiny, fotsiny . . .

<sup>255</sup> Ankehitriny, ianareo izay marary, manatòna manodidina ny alitara ankehitriny, raha sitrakareo.

Ny zava-drehetra azo atao, minoa fotsiny;  
Minoa fotsiny, minoa fotsiny,  
Ny zava-drehetra azo atao, minoa fotsiny.

<sup>256</sup> Ankehitriny, Ray any An-danitra, tena mankasitraka izahay androany ny amin'izany Soratra izany sy ny amin'izany hira izany hoe, “Minoa fotsiny.” Toa renay Ianao milaza amin'ilay ray izay nanana an'ilay zazalahy tratry ny androbe hoe, “Minoa fotsiny, satria ny zava-drehetra azo atao.”

<sup>257</sup> Ankehitriny, mivavaka izahay, Andriamanitra, raha manatona ny alitara ireto olona ireto mba hivavahana, mahita fa eto izahay, negatifa, ilay negatifa fotsiny; ilay pozitifa dia manodidina anay fotsiny, ilay Fanahy tsy mety maty izay teo amboninay dia tsy ho faty mandrakizay. Haharitra mandritr'ireo taona tsy manam-pahataperana Izany. Ary mandroso izahay ankehitriny amin'ny maha-Mpanomponao voahosotra, mba hanampy ny mpiara-belona aminay hahazo fanampiana, ho an'ny antony tokana ihany, Ray, izany dia ny hanomezan'izy ireo voninahitra Anao. Ary ankehitriny dia enga anie ny tsirairay avy izay mitsangana eo amin'ny alitara izao maraina izao, marary, mijaly, ankehitriny dia enga anie ny Fanahy Masina hanaiky ny fahasitranana ho an'ny tsirairay avy amin'izy ireo.

<sup>258</sup> Ary izahay amin'ny maha-Kelinao—andian'ondry kely, izay vao avy nohirain'ireo anabavy mihitsy hoe, “Aza matahotra, ry ondry vitsy,” fantatray, Tompo, fa Sitrakao ny hanome azy ireo ny Fanjakana. Ary fantatray fa akaiky foana Ianao, satria hoy Ianao hoe, “Na aiza na aiza no hiangonan'ny roa na telo amin'Ny Anarako, dia ho eo afovoan'izy ireo Aho. Ary na inona na inona angatahan'izy ireo, dia Homeko izany.”

<sup>259</sup> Ankehitriny, araka ny Tenin'Andriamanitra izay tsy mety diso, ny Tenin'Andriamanitra, dia ekeo ho an'ny tsirairay ny fanasitranana, Tompo. Ary mitsangana eto izy ireo, miandry. Raha handeha hanosotra diloilo sy hametra-tànana izahay, ary hangataka fanafahana, dia enga anie ny tsirairay avy amin'izy ireo handeha eny amin'ny sezany, hiverina any an-tranony, midera Anao, ara-dalàna, tanteraka mihitsy, ary salama. Ary hiverina indray rahariva, Tompo, amin'ny fivoriana, manome fiderana sy voninahitra an'Andriamanitra nohon'ny fanasitranan'izy ireo. Ekeo izany, Tompo.

Ary raha mbola manondrika ny lohantsika isika:

<sup>260</sup> Rahalahy Neville, avia hiaraka amiko, raha sitrakao. Tiako Rahalahy Fleeman, sy Rahalahy Deitzman, na olona iray eto, ary Rahalahy Cox, tongava eto ianareo rehetra ary ampio aho eo amin'ny alitara. Ireo diakona eto amin'ny fiangonana no antsoiko amin'izao fotoana izao mihitsy.

<sup>261</sup> Ary rehefa mivavaka ho azy ireo izahay, dia afaka manampy azy ireo ianareo raha tianareo. Izaho—tiako ny tsirairay ato ho tena tso-po. Ary raha mivavaka ho an'ny marary izahay, dia tiako ianareo hivavaka miaraka aminay.

<sup>262</sup> Mahita zazalahy kely iray aho mipetraka ery aoriana ery ankehitriny, izay nivoaka tao amin'ny efitrano tao vao teo ary tratry ny fahaverezan-drà. Ary nahafinaritra mihitsy no nanajanonan'ny Tompo Jesosy an'ilay rà izao ankehitriny izao. Hitanareo? Ho deraina anie ny Famindrampony, hohajaina anie Ny Anarany. Jereo fotsiny hoe firy no sitrana tao anatin'ireo andro vitsy farany!

<sup>263</sup> Eritreto fotsiny, ilay tena Tompo Jesosy izay tany tamin'ireo andron'ny apostoly mihitsy no eto ankehitriny. Ary mamarana ny fiafaran'ireo Jentilisa fotsiny izany. Mandeha eo anivon'ireo mpino ivelan'ny voajanahary ny hetsika lehibe iray, satria mino isika fa eto Andriamanitra.


<sup>264</sup> Eritreto fotsiny, ny—ny vatanareo nomem-boninahitra dia eto amin'ny tabernakla mihitsy ankehitriny, ny Fanatrehan'ny Fanahy Masina izay toeranareo nomem-boninahitra. Omemboninahitra ao amin'i Kristy ianareo izao ankehitriny izao! “Ireo izay Nohamarininy, no Nomeny voninahitra.” Ary ny vatanareo manokana nomem-boninahitra dia mitsangana eo akaikinareo izao ankehitriny izao, ao amin'i Kristy Jesosy, mba hanome anareo hery iray tahaka ny fahana iray miditra ao anatin'ny batery iray. Ao anatinareo ny Fanahy Masina. Izany dia mba hamahana ny vatanareo hanome anareo hery vaovao, hanasitrana anareo amin'ny aretina izay anananareo, mba hanao anareo ho salama.

<sup>265</sup> Ankehitriny, tiako ny fiangonana, raha sitrak'izy ireo, miaraka amin'ireo anabavintsika, raha mbola hihira an'izany hira izany indray izy ireo. Ankehitriny, ny tsirairay avy aminareo eo amin'ny alitara . . .

<sup>266</sup> Ankehitriny, ry sakaiza, raha mpamitaka iray aho, dia tsy mahalala an'ilay zava-misy aho. Miezaka ny ho Kristiana aho, ary amin'ny foko rehetra no iezahako hanampy ny olona. Ary miezaka manampy anareo aho, ry zanak'Andriamanitra. Ary raha izaho—raha tiako ny Raiko any An-danitra, dia ho tia anareo aho, ireo Zanany. Raha tsy tia aho . . . Raha mamitaka anareo aho, dia niezaka namitaka an'Andriamanitra aho, ianareo no Zanany; tsy misy olona afaka mamitaka an'Andriamanitra. Miezaka manampy anareo aho.



<sup>267</sup> Izany no antony itahian'Andriamanitra an'ireo ezako. Ary angamba tena mahantra izy ireo, ary menatra ny amin'ny sasany amin'izy ireo aho, ary fantatr'Andriamanitra fa menatra ny amin'izy ireo aho ary mibebaka ny amin'ireo ezako. Saingy manao an'izay rehetra vitako aho hanampiana ny Fanjakan'Andriamanitra sy hanampiana anareo Zanany. Raiso Jesosy izao maraina izao ho Mpanasitrana anareo, eto amin'ny lampihazo eto mihitsy, hiverina eny amin'ny sezanareo sy any an-tranonareo ianareo ary ho ara-dalàna sy salama.

<sup>268</sup> Ankehitriny, raha hanasitrana an-jatony Izy eto, ary an'arivony sy an'arivony manerana an'izao tontolo izao, nahoana Izy no tsy hanasitrana anareo? Minoa fotsiny ihany. Eny àry, ranabavy. Rahalahy Neville, tiako ianao ho avy ary hanosotra azy ireo. [Mivavaka ho an'ny marary Rahalahy Branham, tsy hay fantarina ireo teniny—Ed.] . . . ? . . . 

54-0103M Fanontaniana Sy Valiny #1  
Branham Tabernacle  
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS  
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.  
[www.branham.org](http://www.branham.org)

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-  
printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy  
misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy  
Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy  
lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba  
nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho  
fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny  
Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo  
raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

[www.branham.org](http://www.branham.org)